

# Fifehezana Fotopampianarana

## Testamenta Vaovao: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra

# Fifehezana Fotopampianarana

## Testamenta Vaovao: Fitaovana ho an’ny mpampianatra

Navoakan’
Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Ho raisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Alefaso amin'ity adiresy ity izany azafady:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 East North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0008 USA
Email: ces-manuals@ldschurch.org

Soraty ao azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy sy ny tsatòka misy anao. Aza adino ny manoratra ny lohatenin'ilay boky torolalana rehefa manome ny fanamarihana ataonao ianao.

© 2016 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo Rehetra Voatokana.

Natonta tany Etazonia, Amerika
Fandikan-teny 2, 6/16

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 1/16
Fankatoavana ny Fandikana: 1/16
Fandikana ny *Doctrinal Mastery New Testament Teacher Material*
Malagasy
13231 654

# Votoatiny

Torolalana ho an'ireo mpampianatra . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . v
Mahazo fahalalana ara-panahy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 1
Ny Andriamanitra . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 14
Ny Drafitry ny famonjena . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 19
Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 27
Ny Famerenana amin'ny Laoniny . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 34
Mpaminany sy Fanambarana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 40
Fisoronana sy Fanalahidin'ny Fisoronana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 47
Ôrdônansy sy Fanekempihavanana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 54
Fanambadiana sy Fianakaviana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 58
Ireo Didy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 66

# Torolalana ho an'ireo mpampianatra

Ny tanjon'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara dia milaza hoe: "Ampianarintsika amin'ny mpianatra ireo fotopampianarana sy fitsipiky ny filazantsara araka izay hita ao amin'ny soratra masina ary ny tenin'ireo mpaminany" (*Fampianarana sy fianarana ny filazantsara: boky torolalana ho an'ireo mpampianatra sy mpitarika ao amin'ny seminera sy institiota fianarana ny filazantsara* [2012], x). Amin'ny seminera dia tontosa izany, voalohany indrindra, amin'ny alalan'ny fianarana ny soratra masina araka ny fisesiny, izay manaraka ny fizotry ny tantara araka ny filaharany ao anatin'ireo boky sy ireo andininy ao amin'ny bokin-tsoratra masina iray hatrany amin'ny voalohany ka hatrany amin'ny farany. Nanamafy ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Io no fomba voalohany sy fototra indrindra mba hahazoana rano velona" ("A Reservoir of Living Water" [Fampaherezam-panahy an'ny tanora an'ny Departemantan'ny fampianarana an'ny Fiangonana, 4 feb. 2007], 3, lds.org/broadcasts).

Amin'ny alalan'ny Fifehezana fotopampianarana no fomba iray hafa hanampiantsika ny mpianatra hahatakatra sy hino ary hiaina ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Ny fifehezana soratra masina dia manamafy sy manolo ireo ezaka natao teo aloha tao amin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara, toy ny soratra masina fehezina sy ny fandalinana fotopampianarana fototra. Ny fifehezana soratra masina dia natao hanampiana ny mpianatra hahatratra ireto vokatra ireto:

1. Mianatra sy mampihatra ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy.
2. Mifehy ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ireo andinin-tsoratra masina izay nampianarana izany fotopampianarana izany. Ny fotopampianarana mifandray amin'ireto lohahevitra sivy ireto no hifantohantsika manokana:
    - Ny Andriamanitra
    - Ny drafitry ny famonjena
    - Ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy
    - Ny Famerenana amin'ny Laoniny
    - Mpaminany sy fanambarana
    - Fisoronana sy fanalahidin'ny fisoronana
    - Ôrdônansy sy fanekempihavanana
    - Fanambadiana sy fianakaviana
    - Ireo Didy

Ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara dia namokatra fitaovana fampianarana mba hanampiana ireo mpampianatra sy ireo mpianatra hahatratra

ireo vokatra ireo. Ireo fitaovana ireo dia ahitana ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* sy ny Fifehezana fotopampianarana an'ny mpampianatra. (*Fanamarihana:* hisy Fifehezana fotopampianarana ho an'ny mpampianatra ho an'ireo taranja efatra amin'ny seminera.)

## Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana

Ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia ampianarina ny mpianatra. Izany dia ahitana (1) teny fampidirana izay manazava ny atao hoe Fifehezana fotopampianarana sy ny fomba hanampian'izany azy ireo, (2) torolalana izay mampianatra azy ireo ireo fitsipika hahazoana fahalalana ara-panahy, ary (3) fizarana iray mikasika ireo lohahevitra ara-potopampianarana voatanisa etsy ambony. Hita eo ambanin'ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay mifanaraka amin'ny fiainan'ny mpianatra sy manan-danja ny hahatakaran'izy ireo sy inoany ary hampiharany izany.

Ny sasany amin'ny fotopampianarana sy fitsipika ao amin'ireo fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" sy "Lohahevitra ara-potopampianarana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia tohanan'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Ahitana andinin-tsoratra masina fehezina miisa 25 izay mirakitra fotopampianarana ny taranja tsirairay avy (Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao, Bokin'i Môrmôna, ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy Tantaran'ny Fiangonana), izay manome andinin-tsoratra masina miisa 100 raha mitambatra. Omena ao amin'ny fonony ambadiky ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ny lisitr'ireo andinin-tsoratra masina ireo. Ny fanampiana ny mpianatra hahatsiaro sy hahita ny misy ireo andinin-tsoratra masina ireo ary hahatakatra ny fomba ampianaran'ireo andinin-tsoratra masina ny fotopampianaran'ny Mpamonjy dia ampahany manan-danja amin'ny asanao amin'ny maha-mpampianatra anao.

Ny tsirairay amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana miisa 100 ireo dia ampiasaina mba hanohanana fehezanteny iray monja izay milaza fotopampianarana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Ohatra, ny Joseph Smith—Tantara 1:15–20 dia voalaza ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe "Ny Famerenana amin'ny laoniny," mba hanohanana ilay fahamarinana hoe **Niseho tamin'i Joseph Smith ho valin'ny vavaka nataony Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany, ary niantso azy ho ilay Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny Izy ireo.** Kanefa io andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io dia azo ampiasaina ihany koa mba hanohanana ilay fahamarinana ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1 hoe "Ny Andriamanitra" izay milaza fa **misy olona telo miavaka tsara ao amin'Ny Andriamanitra: Andriamanitra Ray Mandrakizay; i Jesoa Kristy Zanany; ary ny Fanahy Masina.** Noho izany, io andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io dia notanisaina ho toy ny andinin-tsoratra masina mifandray ao amin'izany lohahevitra izany.

Ny fijerena hoe aiza no ilazana ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana tsirairay dia mamela anao hahafantatra hoe fianarana inona no hamakafakana io andininy manokana io ao amin'ny Fifehezana fotopampianarana ho an'ny mpampianatra ho an'ilay taranja ao anatin'ilay taona diavina. Ao amin'ilay ohatra teo aloha, ny Joseph Smith—Tantara 1:15–20 dia ho fakafakaina ao amin'ny fianarana "Ny Famerenana amin'ny laoniny" ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra.*

Tsy ny lohahevitra ara-potopampianarana rehetra no hoantitranterina toy izany isan-taona. Na dia horesahina avokoa aza ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay isan-taona dia ireo fehezanteny manokana ilazana fotopampianarana izay tohanan'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana miaraka amin'ny taranja nomena mba hianarana ao anatin'ny taona ihany no hoantitranterina ao amin'ireo lesona fifehezana fotopampianarana ho an'izany taona izany.

## Fifehezana fotopampianarana ho an'ny mpampianatra

Ny fandaharam-pampianarana momba ny Fifehezana fotopampianarana dia ahitana fianarana 10 tokony horesahina mandritra ilay taranja ianarana ao anatin'ilay taona. Ny lahatsoratra mirakitra torolalana ho an'ny fianarana tsirairay dia tokony ho ampianarina mandritra ny fotoam-pianarana mihoatra ny indray mandeha.

Ny fianarana voalohany dia miompana amin'ny fanampiana ny mpianatra hianatra sy hampihatra fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Izany dia tokony hampianarina ao anatin'ireo herinandro roa voalohany amin'ny taom-pianarana. Izany dia hanampy ny mpianatra hahatakatra ny tanjon'ny fifehezana fotopampianarana. Ankoatra izay, ireo fitsipika ampianarina ato amin'ity fianarana ity dia manome fototra izay hohamafisina sy horesahina indray mandritra ireo fianarana sivy manaraka izay ho ampianarina mandritra ny fotoana sisa ao anatin'ilay taona.

Ny tsirairay amin'ireo fianarana manaraka dia mifototra amin'ny iray amin'ireo lohahevitra ara-potopampianarana sivy voatanisa teo aloha. Izy ireo dia natao mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra lalindalina kokoa ny fotopampianaran'ny Mpamonjy sy hampihatra izany mora kokoa eo amin'ny fiainan'izy ireo. Ny tsirairay amin'ireo fianarana ireo dia ahitana fizarana telo lehibe: "Manakatra ny fotopampianarana," "Fampiharana," ary "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana."

**Manakatra ny fotopampianarana.** Ity ampahany amin'ny fianarana tsirairay ity dia ahitana asa na ampahan-javatra hoenti-mianatra izay azo ampianarina mandritra ny fotoam-pianarana iray na mihoatra izany. Ireo asa atao ireo dia hanampy ny mpianatra hampitombo fahatakarana bebe kokoa ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay sy ireo fehezanteny manokana entina milaza fotopampianarana izay miaraka amin'ny lohahevitra tsirairay.

Ireo asa atao ao anatin'ny "Manakatra ny fotopampianarana" mazàna dia manomboka amin'ny fandalinana ny lohahevitra ara-potopampianarana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Ankoatra izay,

ireo asa atao ireo dia miompana amin'ny fehezanteny voafaritra tsara entina milaza fotopampianarana izay tohanan'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay mahakasika manokana ny bokin-tsoratra masina ho an'ilay taranja ianarana ao anatin'ny taona. Ohatra, ao amin'ny fianarana momba "Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra,* dia omena torolalana ny mpampianatra mba hanampy ny mpianatra hifehy ny Hebreo 12:9. Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana ny mpianatra mandritra ireo taona hafa ianaran'izy ireo seminera, dia hifantoka amin'ny andinin-tsoratra masina fehezina fanampiny mirakitra fotopampianarana izy ireo izay manohana fehezanteny hafa milaza fotopampianarana izay miaraka amin'ny lohahevitra hoe "Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

Amporisihina ny mpianatra ao amin'ireo asa atao ao amin'ny "Manakatra ny fotopampianarana" mba hitady sy hanisy marika ary handalina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mba hahafahan'izy ireo mampiasa azy ireo hampianarana sy hanazavana ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay tohanan'ireo andinin-tsoratra masina. Azonao atao ny mampiditra asa hoenti-mianatra fanampiny araka izay ilaina mba hanampiana ny mpianatra hifehy ireo fehezanteny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay manohana azy ireo.

**Fampiharana.** Ny fianarana tsirairay farafaharatsiny dia manolotra fampiharana iray ho an'ny mpianatra. Ireo fampiharana ireo, araka ny mahazatra, dia ahitana famakafakana zava-nitranga manokana, na filalaovana an-tsehatra toe-javatra iray, na rafitra natsangana iray, na fanontaniana izay azon'ny mpianatra andraisana anjara na resahina miaraka ao anaty vondrona kely na miaraka. Ireo fampiharana ireo dia ilaina hoenti-manampy ny mpianatra hahatakatra ny fifandraisan'ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay nianarany amin'ireo toe-javatra iainana amin'izao vaninandro izao. Ireo fampiharana ireo ihany koa dia manantitrantitra ny fomba ahafahan'ilay fotopampianarana nianaran'ny mpianatra mitahy sy manampy azy ireo amin'ny fiainana ny filazantsara sy ny fampianarana ny filazantsara ary ny fanazavana ny zavatra inoan'izy ireo amin'ny hafa amin'ny fomba tsy mampatahotra sy tsy mahatezitra.

**Famerenana ny fifehezana fotopampianarana.** Ny famerenana matetika ireo fehezanteny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay ampiasaina hanohanana azy ireo dia hanampy ny mpianatra amin'ny fiezahany mifehy izany. Ny fianarana tsirairay dia ahitana fizarana misy hevitra maromaro mba hanampiana anao hitarika ny mpianatra amin'ny famerenana ireo fehezanteny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana nianaran'izy ireo nandritra ny taom-pianarana.

## Fanatontosana ny fifehezana fotopampianarana

Ny fifehezana fotopampianarana dia tontosaina amin'ny fomba samihafa miankina amin'ny karazana fandaharam-pianarana amin'ny seminera izay nisoratan'ny

mpianatra anarana: seminera atao isan'andro (fandaharam-pianarana vao maraina sy amin'ny fotoana malalaka), seminera en ligne, ary seminera amin'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano.

## Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro

Voalamina mialoha fa ianao dia handany eo ho eo amin'ny 30 minitra amin'ny fotoam-pianarana isan-kerinandro mandritra ny taom-pianarana mba hanaovana Fifehezana fotopampianarana. Ny isan'ny herinandro ampiasaina amin'ny tsirairay amin'ireo fianarana miisa 10 ireo dia miovaova miankina amin'ny isan'ireo fehezanteny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay hoantitranterina sy hohalalinina ho an'izany lohahevitra ara-potopampianarana izany. Ny lohahevitra sasany dia horesahina araka ny fotoana sahaza izany mandritra ny roa herinandro, raha toa kosa ny hafa ka hila herinandro vitsy fanampiny mba hamitana izany (jereo ny "Testamenta Vaovao: Torolalana fandaminana ny fotoana hifehezana fotopampianarana" etsy ambany).

Ny ampahany mitondra ny lohateny hoe "Manakatra ny fotopampianarana" ho an'ny fianarana Fifehezana fotopampianarana tsirairay dia mitsinjara ho asa hoenti-mianatra izay azo vitaina amin'ny ankapobeny ao anatin'ny 5 ka hatramin'ny 10 minitra avy. Izany dia hanome fahafahana anao hampiasana ny fotoam-pianarana ho an'ny Fifehezana fotopampianarana araka izay ilàna izany. Ohatra, amin'ny andro iray ianao dia mety mamolavola drafitra ny hiresaka asa enti-mianatra iray na roa mandritra ny fotoam-pianarana, ary amin'ny andro iray hafa kosa ianao dia mety mila ny fotoam-pianarana iray manontolo mba hiresahana ilay vondron'andinin-tsoratra masina ao anatin'ny fotoana ampy tsara, izay tsy hamela fotoana hifantohana amin'ny Fifehezana fotopampianarana. Ny asa hoenti-mianatra sasany dia mitaky fotoana bebe kokoa ka noho izany dia mety ho mila manao izany amin'ny andro azo hanamboarana ny fotoam-pianarana araka izay ilaina ianao (jereo ny "Torolalana fandaminana ny fotoana ho an'ny mpampianatra mampianatra isan'andro" sy ny "Sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana" ao amin'ny Tovana ao amin'ny boky torolalana ho an'ny mpampianatra ampiasainao).

Ankoatra ny firesahana ireo andinin-tsoratra masina fototra araka ny lohahevitra ao anatin'ny Fifehezana fotopampianarana dia tokony hoantitranterinao ireo andinin-tsoratra masina ireo rehefa sendra azy ireo ao anatin'ny fandalinanao misesy ny soratra masina miaraka amin'ny mpianatra ianao. Ny fanaovana izany dia hanampy ny mpianatra hahazo fahatakarana bebe kokoa ny sahan-kevitra sy ny votoatin'ny soratra masina tsirairay, ary hanantitrantitra ihany koa ny lanjan'ireo fahamarinana ampianarin'ny andininy tsirairay.

Ny Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro dia manamafy sy manolo ny fandaharanasa fifehezana ny soratra masina. Ho an'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nantsoina hoe andinin-tsoratra masina fehezina teo aloha dia mirakitra sosokevitra sy asa enti-mianatra ny *Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* izay hanampy anao hanantitrantitra araka ny tokony ho izy ilay andinin-tsoratra masina ao amin'ny fandalinanao misesy ny soratra masina miaraka amin'ny mpianatra. Ho an'ireo andinin-tsoratra masina fehezina vaovao mirakitra

fotopampianarana dia tsy hiantso ireo andinin-tsoratra masina toy izany ny boky torolalana ho an'ny mpampianatra. Zava-dehibe ho anao ny manantitrantitra ireo andinin-tsoratra masina amim-pahombiazana sy araka ny tokony ho izy ao anatin'ny fandalinana ny soratra masina misesy.

*Fanamarihana:* Ny andinin-tsoratra masina sasany dia antsoina hoe andinin-tsoratra masina fehezina ao amin'ny *Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* saingy tsy andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izy ireo. Ireo andininy ireo dia tsy tokony hoantitranterina intsony araka ilay torolalana momba ny fifehezana soratra masina ao amin'ilay boky torolalana, kanefa tokony horesahina araka ny fizotran'ny tantara ao amin'ny fandalinana soratra masina misesy izany.

**Testamenta Vaovao: Torolalana fandaminana ny fotoana hifehezana fotopampianarana**

Ny isan'ny herinandro ampiasaina amin'ny tsirairay amin'ireo fianarana miisa 10 ho an'ny Testamenta Vaovao dia miovaova miankina amin'ny isan'ireo hevitra ara-potopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina tokony hohalalinina ho an'ilay lohahevitra ara-potopampianarana. Tokotokony ho eo amin'ny 30 minitra isan-kerinandro no holaniana amin'ny fifehezana soratra masina izay ampiasana ireto asa enti-mianatra ireto:

- Fizarana momba ny fanakarana ny fotopampianarana
- Fampiharana
- Ireo asa atao hamerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ohatra, ao amin'ilay torolalana fandaminana fotoana etsy ambany dia roa herinandro no omena mba hanaovana ireo asa fifehezana fotopampianarana mifandray amin' Ny Andriamanitra. Ny alatsinainy amin'ny herinandro voalohany dia azonao atao ny fizarana voalohany amin'ny "Manakatra ny fotopampianarana." Ny talata dia azonao atao ireo fizarana faharoa sy fahatelo, ary ny alarobia dia afaka misafidy ny hanao asa fifehezana maharitra telo ka hatramin'ny dimy minitra ianao, izay amboarinao na fidianao avy amin'ireo loharanom-pitaovana ao amin'ny Tovan'ny *Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera.* Ny alakamisy dia afaka misafidy ny tsy hanao asa Fifehezana fotopampianarana ianao satria mila fotoam-pianarana feno hiresahana araka izay ilaina ilay vondron'andinin-tsoratra masina ianao, ary ny zoma dia azonao atao ilay fizarana "Manakatra ny fotopampianarana" fahefatra. Amin'ilay herinandro faharoa dia afaka misafidy ny hanao asa fifehezana fanampiny nofidian'ny mpampianatra ianao, sy manao ilay fampiharana, ary manao ilay asa "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana."

Ny famerenana ny fandaharam-pampianarana ao amin'ny *Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* ho an'ny herinandro manaraka miaraka amin'ireo asa enti-mianatra hifehezana fotopampianarana voarakitra ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra* dia hanampy anao hamolavola drafitra hanokana fotoana mandritra ny fotoam-pianarana mba hanaovana Fifehezana fotopampianarana. Azonao atao ny mamantatra ireo ampahana lesona izay azo fintinina mba hamoronana fotoana

hanaovana ireo asa enti-mianatra hifehezana fotopampianarana sy ireo fampiharana.

Ity torolalana fandaminana ny fotoam-pianarana ity dia mifototra amin'ny fomba enti-mampianatra ireo hevitra ara-potopampianarana ao amin'ilay ampahan-dahatsoratra izay hisehoan'izany ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Kanefa rehefa ny fampianarana ilay fianarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" no vita voalohany dia azo ampianarina araka izay filaharany tiana hanaovana azy ireo lohahevitra ara-potopampianarana hafa. Eritrereto ireto fomba enti-mampianatra roa ireto:

- Miresaka ireo lohahevitra ara-potopampianarana ao amin'ny ampahan'ny lesona izay hisehoan'izy ireo ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (manomboka amin'ny hoe "Ny Andriamanitra" ary mifarana amin'ny hoe "Ireo didy").
- Ampifandrindrao araka izay azo atao amin'izay halalinin'ny mpianatra mandritra ireo fivoriana alahady ny fandalinan'izy ireo ireo lohahevitra ara-potopampianarana.

| Herinandro | Lohahevitra ara-potopampianarana |
|---|---|
| 1 | Mahazo fahalalana ara-panahy |
| 2 | |
| 3 | |
| 4 | |
| 5 | Ny Andriamanitra |
| 6 | |
| 7 | Ny Drafitry ny famonjena |
| 8 | |
| 9 | |
| 10 | |
| 11 | |
| 12 | |
| 13 | Ny Sorompanavotana |
| 14 | |
| 15 | |
| 16 | |
| 17 | Ny Famerenana amin'ny Laoniny |
| 18 | |
| 19 | |

| Herinandro | Lohahevitra ara-potopampianarana |
|---|---|
| 20 | Mpaminany sy Fanambarana |
| 21 | |
| 22 | |
| 23 | |
| 24 | Fisoronana sy Fanalahidin'ny Fisoronana |
| 25 | |
| 26 | Ôrdônansy sy Fanekempihavanana |
| 27 | |
| 28 | Fanambadiana sy Fianakaviana |
| 29 | |
| 30 | Ireo Didy |
| 31 | |
| 32 | |

## Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny seminera en ligne

Ho ampidirina ao amin'ireo lesona seminera en ligne ireo asa enti-mianatra hifehezana fotopampianarana. Raha mampianatra kilasy seminera en ligne ianao dia hitondra fanampiana lehibe ny mamerina ilay fizarana teo aloha momba ny "Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro" mba hanampiana anao hahatakatra ireo fitsipika sy fampiharana manan-danja izay azo amboarina mba hifanaraka sy ho azo ampiharina ao anatin'ny tontolon'ny fianarana seminera en ligne.

## Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera ho an'ny Fandaharam-pianaran'ny mpianatra any An-trano

Amin'izao fotoana izao, ireo boky torolalana ampiasain'ireo mpampianatra sy mpianatra manaraka ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano dia tsy mbola nohavaozina mba hampidirana ny votoatin'ny Fifehezana fotopampianarana. Noho izany, ireo mpampianatra sy mpianatra dia tokony hanohy hampiasa ireo boky torolalana ho an'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano izay ampiasaina amin'izao fotoana izao ka hampiditra ireo asa fifehezana soratra masina. Mandra-panavaozana ireo boky torolalana ho an'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano dia amporisihina ireo mpampianatra mba hanome ny mpianatra ilay *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* sy hamporisika azy ireo handalina manokana izany sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana.

# Mahazo fahalalana ara-panahy

## Fizarana 1 (40 minitra)

*Fanamarihana:* Ny fizarana 1 sy 2 dia azo ampianarina ao anatin'ny lesona izay atao mandritra ny fotoam-pianarana maharitra 40 minitra miisa 2, na atambatra ka ampianarina ao anatin'ny fotoam-pianarana iray maharitra 80 minitra.

### Ny fikatsahana fahamarinana maharitra mandrakizay

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny teny hoe *Fahamarinana* dia apetraho amin'ny mpianatra ity fanontaniana manaraka ity:

- Nahoana no mety ho sarotra ny mahafantatra na ny mahalala izay marina?

Rehefa avy mamaly ny mpianatra vitsivitsy dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: *Amin'ny fomba ahoana no ahafahako mianatra sy mahafantatra izay marina?*

Hazavao fa ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia niresaka mikasika ny fahasarotan'ny fianarana ny marina tamin'ny alalan'ny fizarana fanoharana fahiny iray mitondra ny lohateny hoe "Ireo lehilahy jamba sy ilay elefanta."

Azonao atao ny maneho ity teny manaraka izay nolazain'ny Filoha Uchtdorf ity, na manome ny tahadikan'izany ho an'ny mpianatra tsirairay. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ilay zavatra nozarainy. Asao ny kilasy mba hanaraka ny vakiteny, ka hitady ny fomba hanehoan'io fanoharana io ny sasany amin'ireo olana atrehintsika rehefa mikatsaka ny fahamarinana isika.



"Zato taona mahery lasa izay dia navadiky ny mpahaitononkalo Amerikana iray ho tononkalo ny fanoharana tranainy iray. Ny andininy voalohany amin'ilay tononkalo dia miresaka momba ireo:

*Lehilahy enina avy ao amin'ny faritr'i Inde*
*Avara-pianarana,*
*Izay nandeha nijery ilay Elefanta*
*(Na dia jamba avokoa aza izy rehetra),*
*Mba hahafahan'ny tsirairay amin'izy ireo, amin'ny alalan'ny fandinihana,*
*mahatakatra.*

"Ao anatin'ilay tononkalo dia mikasika faritra samy hafa amin'ny vatan'ilay elefanta ny tsirairay amin'ireo mpandeha enina ary avy eo dia mamariparitra amin'ireo hafa ny zavatra hitany.

"Ny iray tamin'ireo lehilahy dia nahita ny tongotr'ilay elefanta ka nanazava izany hoe boribory sy mafy toy ny hazo. Ny iray hafa dia nahatsapa ilay vangy ka namaritra ilay elefanta ho toy ny lefona. Ny lehilahy fahatelo dia naharay ilay rambo ka nanizingizina fa toy ny tady ny elefanta. Ny lehilahy fahefatra dia nahatsapa ilay orona ka nanizingizina fa toy ny bibilava lehibe izany elefanta izany.

"Samy nanazava fahamarinana anankiray ny tsirairay.

> "Koa satria avy amin'ny zavatra niainan'ny tena manokana ny fahamarinana hitany dia samy nanizingizina ny tsirairay fa mahafantatra ny zavatra fantany.
>
> "Toy izao ny fiafaran'ilay tononkalo:
>
> *Noho izany, ireo lehilahy avy ao amin'ny faritr'i Inde ireo*
> *Dia niady hevitra mafy sy maharitra,*
> *Samy nitana ny heviny*
> *Sady mafy loha no hentitra,*
> *Na dia samy nanana ny fahamarinana tamin'ny ampahany aza,*
> *Nefa diso ihany koa izy rehetra!*
>
> *[John Godfrey Saxe,* The Poems of John Godfrey Saxe *(1873), 135–36, books.google.com]."*
>
> ("What Is Truth?" [Fampaherezam-panahin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 13 jan. 2013], lds.org/broadcasts.)

- Ahoana no anehoan'io fanoharana io ny sasany amin'ireo olana amin'ny famantarana ny fahamarinana?
- Inona avy ireo olana hafa amin'ny fikatsahana ny hahalala ny fahamarinana?
- Inona no hanampy ireo lehilahy jamba hanana fahatakarana mazava kokoa momba ny hoe inona izany elefanta izany? (Ohatra hoe mahazo fanampiana avy amin'ny olona iray afaka mahita ilay elefanta iray manontolo.)

## Andriamanitra no loharanon'ny fahamarinana maharitra mandrakizay

Hazavao fa mandritra ny fianaran'izy ireo seminera dia hanana fahafahana maro ny mpianatra mba hampitombo ny fahatakaran'izy ireo ny fahamarinana maharitra mandrakizay. Mba hanampiana ny mpianatra hanao izany amim-pahombiazana dia misy ny fampianarana ny ezaka iray natao izay antsoina hoe Fifehezana fotopampianarana. Ity ezaka ity dia ahitana ny fikatsahana hianatra sy hampihatra ireo fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy sy ny fampitomboana fahatakarana bebe kokoa momba ireo fotopampianarana fototra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Omeo tahadikan'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ny mpianatra dia angataho izy ireo hijery ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy". Asao izy ireo hamaky mangina ilay andiam-pehezanteny voalohany ka hitady ny loharanon'ny fahamarinana maharitra mandrakizay.

Asao ny mpianatra hanao tatitra momba ny zavatra hitany. Azonao atao ny milaza amin'ny mpianatra mba hanisy marika ity fotopampianarana manaraka ity: **Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary Izy no loharanon'ny fahamarinana rehetra.**

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa io fotopampianarana io dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 4:9. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny mba hitady ny fomba hanampian'io andininy io antsika hahatakatra ny antony ahafahantsika miantehitra amin' Andriamanitra amin'ny maha-loharanon'ny fahamarinana rehetra Azy.

- Teny na andian-teny inona ao amin'io andininy io no mamariparitra ny antony maha-hany loharanon'ny fahamarinana azo ianteherana an' Andriamanitra?
- Araka ny hevitrao dia nahoana no manan-danja ny miantehitra amin' Andriamanitra amin'ny maha-loharanon'ny fahamarinana rehetra Azy? (Ampio ny mpianatra hahatakatra fa iray amin'ireo dingana voalohany hahazoana izany ny mahafantatra hoe aiza no tokony hitodihana mba hitadiavana ny fahamarinana.)

## Ny fomba hahazoana fahalalana ara-panahy

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fehezanteny farany ao amin'ilay andiam-pehezanteny voalohany sy ilay andiam-pehezanteny faharoa iray manontolo ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra azontsika atao mba hanasana an' Andriamanitra hampahafantatra fahamarinana ara-panahy amintsika.

Asao ny mpianatra hanao tatitra ny zavatra hitany. Mba hanampiana ny mpianatra hampitombo ny fahatakarany ny zavatra tokony hataontsika mba hahazoana fahalalana ara-panahy dia zarao ho vondrona efatra ny mpianatra ka omeo andraikitra hisahana ny iray amin'ireto andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana na vondron'andian-tsoratra masina ireto ny vondrona tsirairay:

- Môrônia 10:4–5
- Jaona 7:17
- Jakoba 1:5–6; 2 Nefia 32:8–9
- 2 Timoty 3:15–16; 2 Nefia 32:3

Hazavao fa hanana dimy minitra izy ireo hamakiana ireo andinin-tsoratra masina nomena azy ireo ao anatin'ny vondrona misy azy sy hifanakalo hevitra mikasika ny zavatra vakiny amin'ny alalan'ny fampiasana ireto fanontaniana manaraka ireto. (Azonao atao ny manoratra ireo fanontaniana ireo eny amin'ny solaitrabe na manome izany amin'ny taratasy zaraina.)

1. Inona no fitsipika mikasika ny fikatsahana fahamarinana ara-panahy izay ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo?
2. Ahoana no anampian'ireo andininy ireo anao hahatakatra bebe kokoa ny fomba ahafahanao mikatsaka fahamarinana ara-panahy?
3. Inona ireo traikefa izay azonao tamin'ity ampahany amin'ny fiezahana hahazo fahamarinana ara-panahy ity?

Rehefa ampy ny fotoana niasana dia manasà olona iray ao amin'ny vondrona tsirairay mba hizara amin'ny iray kilasy ny zavatra nifanakalozan'izy ireo hevitra. Makà antoka fa rehefa manao tatitra ny zavatra hitany ny vondrona tsirairay dia ampidirin'izy ireo ao anatin'izany ny ampahan'ny dingana amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy izay ampianarin'ny andinin-tsoratra masin'izy ireo.

Rehefa avy manao tatitra ny vondrona tsirairay dia azonao atao ny mangataka ny mpianatra rehetra hanome hevi-baovao fanampiny na zavatra niainana mifandray

amin'ny fahazoana fahamarinana ara-panahy. Dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity avy eo:

- Inona no mampifandray an'ireo fomba fikatsahana fahamarinana ireo amin'ny fanampiana antsika hahazo fahalalana ara-panahy?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nambaran'ny Loholona Richard G. Scott tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Angataho ireo mpianatra mba hihaino ny zavatra nampianarin'ny Loholona Scott fa takina mba hahazoana fahalalana ara-panahy.



"Ny fahazoana fahalalana tena sarobidy dia mitaky ezaka mahatalanjona ataon'ny tena manokana. Mitombina tokoa izany rehefa ny hahazo fahalalana ara-panahy no faniriantsika" ("Acquiring Spiritual Knowledge," *Ensign,* nôv. 1993, 87).

- Araka ny eritreritrao, nahoana ny Tompo no mitaky ezaka avy amintsika mialoha ny hahazoantsika fahalalana ara-panahy?
- Raha sintonina avy amin'ny zavatra niainanao dia nahoana ny ezaka izay nataonao no tena ilaina mba hahazoana fahalalana ara-panahy—toy ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Raintsika any An-danitra; momba an'i Jesoa Kristy Zanany; ary momba ny fahamarinan'ny fampianaran'izy ireo?

Mijoroa ho vavolombelona fa ilaina ny ezaka tsara indrindra azontsika atao mba hahazoana fahalalana ara-panahy. Vonona ny hampianatra antsika ny Ray any An-danitra, kanefa tsy maintsy vonona ny hanao ny anjarantsika isika.

## Ampahany manan-danja amin'ny ezaka ataontsika hianarana fahamarinana ny fametrahana fanontaniana sy ny fitadiavana valim-panontaniana.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezanteny fahatelo ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra ampianarin'io andiam-pehezanteny io mikasika ny maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hahazo fahalalana ara-panahy.

Asaivo manao tatitra ny zavatra hitany ireo mpianatra. Dia soraty eo amin'ny solaitrabe avy eo ity filazana fahamarinana voafintina ity: **Ny fametrahana fanontaniana sy ny fikatsahana valim-panontaniana amim-pahazotoana dia ampahany tena ilaina ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hianatra fahamarinana.**

- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ny mikatsaka amim-pahazotoana ny valin'ireo fanontaniana izay mipetraka mandritra ny ezaka ataonao mba hianatra fahamarinana?

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny maha-zava-dehibe an'io lafin-javatra mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy io dia manasà mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ity:

Asaivo mihaino ny zavatra nampianarin'ny Filoha Uchtdorf mikasika ny fametrahana fanontaniana mitombina tsara ny mpianatra. (Azonao atao ny manome ny tahadikan'io teny nambara io ho an'ny mpianatra.)



"Ahoana no ahafahantsika mahafantatra fa mizotra amin'ny lalana marina isika, raha fahamarinana ara-panahy no resahina?

"Amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana mitombina no fomba iray—ilay karazam-panontaniana izay manosika antsika hisaintsaina ny fivoarantsika sy hanombantombana ny fiasan'izany eo amintsika. Toy ny hoe:

"'Misy antony ve ny fiainako?'

"'Mino an' Andriamanitra ve aho?'

"'Mino ve aho fa mahafantatra ahy Andriamanitra ary tia ahy?'

"'Mino ve aho fa mandre sy mamaly ny vavaka ataoko Andriamanitra?'

"'Tena faly ve aho?'

"'Mitarika ahy any amin'ireo tanjona ara-panahy sy ireo soatoavina avo indrindra eo amin'ny fiainana ve ny ezaka ataoko?'

"Nitarika olona sy fianakaviana maro manerana izao tontolo izao hikaroka ny fahamarinana ireo fanontaniana mifantoka amin'ny tanjon'ny fiainana ireo. Matetika izany fikarohana izany no nitarika azy ireo tany amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy tany amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny" ("Mitondra soa izany!" *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2015, 20–21).

- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'io teny nambaran'ny Filoha Uchtdorf io antsika hahatakatra bebe kokoa ny maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana mitombina tsara?

Anontanio ny mpianatra raha misy ohatra azony eritreretina avy ao amin'ny soratra masina izay maneho hoe mitarika ny isam-batan'olona hahazo fahalalana ara-panahy amin'ny fomba ahoana ny fametrahana fanontaniana sy ny fikatsahana valinteny amim-pahazotoana. (Mety ho isan'ny ohatra amin'izany ny Joseph Smith—Tantara 1:10–20; Enôsa 1:1–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:1–11).

Hazavao ity fitsipika manaraka ity izay nalaina avy ao amin'ny faran'ny andiam-pehezanteny fahatelo ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy": **Hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fahafahantsika mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fihetsika sy ny fahavononana asehontsika eo amin'ny fametrahana fanontaniana sy fikatsahana valim-panontaniana.** Azonao atao ny manome sosokevitra ny mba hanisian'ny mpianatra marika io fitsipika io ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izay azy ireo.

Mba hanehoana ny fahasamihafana eo amin'ny fametrahana fanontaniana amin-kitsimpo sy ny fametrahana fanontaniana mba hanamarinana ny fihetsiky ny tena na hitsikerana na hamandrihana olona, dia asao ny mpianatra hiara-hiasa tsiroaroa rehefa mampitaha ireo fanontaniana napetrak'i Zezrôma voalohany amin'ireo fanontaniana napetrany taorian'ny nandrenesany ny fijoroana ho

vavolombelona nataon'i Almà sy i Amioleka izy ireo. Asao ny iray amin'ireo mpiara-miasa handalina amim-pahanginana ny Almà 10:31–32; 11:21 ary ilay iray hafa handalina amim-pahanginana ny Almà 12:8. Asao ny mpianatra hanazava amin'ny namany ny zavatra nianarany mikasika ny hitsimpo sy izay mety ho antony miafina nandrisika an'i Zezrôma hametraka ireo fanontaniany. Rehefa avy nifanakalo hevitra momba ireo andinin-tsoratra masina nomena azy ireo niaraka tamin'ny mpiara-miasa aminy ny mpianatra dia apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no maha-samy hafa ny antony nandrisika an'i Zezrôma tamin'izy nametraka ilay fanontaniany voalohany sy ny fihetsika nasehony tamin'izany amin'ny antony nandrisika azy sy ny fihetsika nasehony tamin'ilay fanontaniana napetrany rehefa avy nandre ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Almà sy i Amioleka izy?
- Araka ny voalaza ao amin'ny Almà 12:8 dia inona ny karazana fahamarinana nokatsahin'i Zezrôma rehefa nandre ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Almà sy i Amioleka izy? (Hazavao fa rehefa avy nandre ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Almà sy i Amioleka i Zezrôma dia mbola nanana fanontaniana izy, saingy niova ny karazam-panontaniana napetrany. "Ary nanomboka nanadina azy ireo tamim-pahazotoana tokoa i Zezrôma mba hahazoany mahalala misimisy kokoa ny amin'ny fanjakan' Andriamanitra.")

Hazavao fa ny ankabeazan'ny fotopampianarana kanto ampianarina ao amin'ny Almà 12–13 dia vokatra azo avy amin'ireo fanontaniana. Ireo fanontaniana sy valinteny ireo dia nanampy an'i Zezrôma tamin'ny farany mba ho lasa niova fo tamin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy (jereo ny Almà 14:6; 15:3–12).

Azonao atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana amin-kitsimpo sy ny fikatsahana valinteny amim-pahazotoana. Zarao ny fomba nahatonga anao nahalala fa hamaly ny fanontaniana apetratsika amin-kitsimpo ny Tompo.

## Fizarana 2 (40 minitra)

### Mamaly fanontaniana mahakasika ny fotopampianarana na ny tantara

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Boyd K. Packer tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Manontany tena ireo tanora hoe 'nahoana?'—Nahoana isika no didina *hanao* zavatra sasantsasany, ary nahoana isika no didina *tsy* hanao zavatra hafa?" ("The Great Plan of Happiness" [lahateny natao tamin'ireo mpampianatra filazantsara ao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 10 aog. 1993], si.lds.org).

Angataho ny mpianatra hieritreritra raha efa nanontany tena izy ireo hoe nahoana isika no didina hanao zavatra sasantsasany ary tsy hanao zavatra hafa sasantsasany? Ohatra, mety hanontany tena ny sasany hoe nahoana Andriamanitra no nandidy antsika hitandrina ny andro Sabata ho masina na nahoana Izy no

nandidy fa tokony ho eo amin'ny lehilahy sy vehivavy izay mpivady ara-dalàna irery ihany no hisy ny firaisana ara-nofo. Hazavao fa ity ampahany amin'ny lesona mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy ity dia natao mba hanampiana ny mpianatra hianatra ireo fitsipika izay afaka mitarika azy ireo rehefa manana fanontaniana izy ireo na mahare fanontaniana avy amin'ny hafa mahakasika ny fotopampianarana sy ireo fomba fanao ary tantaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ampahatsiahivo ny mpianatra ilay fotopampianarana izay nianaran'izy ireo mikasika ny loharanon'ny fahamarinana sy ny fomba hahazoana fahalalana ara-panahy hoe: Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary Izy no loharanon'ny fahamarinana rehetra. Hazavao fa ny fahatsiarovana io fahamarinana io dia manampy rehefa manana fanontaniana toa sarotra takarina mikasika ny Fiangonana isika.

Asehoy na soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fitsipika manaraka ireto:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Hazavao fa ireo fitsipika ireo dia afaka mitarika antsika rehefa mikatsaka ny hianatra sy hahatakatra fahamarinana maharitra mandrakizay sy mamaly ireo fanontaniana na mamaha ireo olana isika.

## Manao asa amim-pinoana


Asao ny mpianatra iray hamaky mangina ny fitsipika 1, "Manao asa amim-pinoana" ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho izy ireo hitady sy hanisy marika ireo fitsipika izay hanampy azy ireo hamaly ireo fanontaniana ananan'izy ireo sy ny olona hafa momba ny Fiangonana.

Asaivo manao tatitra ny zavatra hitany ireo mpianatra. Raha tsy voalazan'izy ireo ity fitsipika manaraka ity dia hazavao: **Rehefa mikatsaka ny hampitombo ny fahatakarantsika sy hamaha ireo olana isika dia zava-dehibe ny hianteherantsika amin'ny fijoroana ho vavolombelona izay efa ananantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsarany ary ireo fampianaran'ireo mpaminany voatendriny.**

- Araka ny hevitrao dia amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo fitsipika ireo manampy antsika rehefa mikatsaka amin-kitsimpo ny hanana fahatakarana sy hahazo ny valin'ireo fanontaniana sy olana sarotra isika?

Asao ny mpianatra hizara ohatra mikasika ny fotoana izay nitahian'ny iray amin'ireo fitsipika ireo azy ireo rehefa sendra olana, na zavatra nampanahy, na fanontaniana izy ireo.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity, izay nolazain'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny iray kilasy hihaino ny fomba nanaovan'ny zatovovavy iray asa tamim-pinoana rehefa niatrika toe-javatra sarotra izy.



"Vao haingana aho no niresaka tamin'ny zatovovavy Ravintsara iray avy eto Etazonia. Izao no nolazainy tao anatin'ny email nalefany:

" 'Nanomboka nanoratra ny hevitr'izy ireo mikasika ny fanambadiana tao amin'ny Facebook ny sasany amin'ireo namako tamin'iny taona lasa iny. Betsaka ireo nanohana ny fanambadian'ny samy lahy na samy vavy, ary zatovo Olomasin'ny Andro Farany maro no nanindry ny hoe "tiako" teo amin'ireo soratra napetraka. Tsy naneho hevitra aho.

" 'Nanapa-kevitra aho ny hanambara tamim-pitandremana ny finoana ijoroako, dia ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray.

" 'Nampiako soratra hoe: 'Mino ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray aho' teo amin'ny sary famantarana ahy." Fotoana fohy monja taorian'izay dia nanomboka naharay hafatra aho. "Tia tena ianao." "Be tsikera ianao." Nampitaha ahy tamin'ny tompona andevo ny olona iray. Dia naharay ity hafatra ity avy amin'ny namako iray izay mpikamban'ny Fiangonana matanjaka aho: "Mila manaraka ny toetr'andro ianao. Efa niova ny zavatra maro ary tokony hiova araka izany ianao."

" 'Tsy namaly aho,' hoy izy 'saingy tsy nofafako ireo teny nambarako.'

"Nofaranany tamin'ny hoe: 'Indraindray, araka ny nolazain'ny Filoha Monson dia "Mila sahy mijoro irery" ianao. Enga anie isika tanoran'ny Fiangonana mba hiara-hivondrona amin'ny fijanonana ho mahatoky amin' Andriamanitra sy amin'ireo fampianaran'ny mpaminaniny velona' " ("Tadio ara-panahy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 19–20).

- Tamin'ny fomba ahoana no nanaovan'io zatovovavy io asa tamim-pinoana rehefa niatrika toe-javatra sarotra izy?
- Efa sendra tsikera toy izany koa ve ianao noho ny fijoroanao tamin'ny zavatra inoanao? Ahoana no nasetrinao izany?

Manasà mpianatra maromaro hizara amin'ny iray kilasy hoe nitahy ny fiainany sy nahatonga ny fijoroana ho vavolombelona nananany nitombo tamin'ny fomba ahoana ny fifikirana mafy tamin'ny zavatra izay efa fantatr'izy ireo sy ny fijanonana ho matanjaka rehefa niatrika olana izy ireo (jereo ny Jeffrey R. Holland, "Tompo ô! mino aho," *Ensign* na *Liahona,* mey 2013, 94). Amporisiho ny mpianatra mba hanapa-kevitra ny hahatoky mandrakariva amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ireo fampianaran'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 14:28).

### Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

Hazavao fa ny olona niaina tamin'ny andron'i Paoly Apôstôly dia sendra ny maro tamin'ny fanontaniana sy ny olana mitovy amin'izay sendra antsika amin'izao fotoana izao. Asao ny mpianatra hamaky mangina ny 1 Korintiana 2:5, 9–11 mba hitady ny zavatra nampianarin'i Paoly fa ilaina mba hahatakarana fahamarinana


ara-panahy. Azonao atao ny manazava ny fanovana nentin'ny Mpaminany ho an'ny andininy 11 (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, 1 Korintiana 2:11).

Asao ny mpianatra hamintina izay zavatra lazain'ireo andininy ireo mikasika ny fomba ahafahantsika mahatakatra fahamarinana ara-panahy. Ampio izy ireo hahatakatra fa amin'ny alalan'ny Fanahin' Andriamanitra ihany no ahafahantsika mahafantatra "ny saina lalina izay an' Andriamanitra" (1 Korintiana 2:10)—izay midika hoe ireo fahamarinana izay tsy takatra raha tsy amin'ny alalan'ny fanambarana.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fitsipika faha 2 hoe "Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay" ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny fomba ahafahantsika mikatsaka ny fanampian'ny Fanahy sy hamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

Asao ny mpianatra hitady ireo fahamarinana voatanisa ao anatin'ny fitsipika faha 2 izay hanampy azy ireo hahatakatra ny fomba hamakafakana amin'ny fomba tsara indrindra ireo fanontaniana tonga ao an-tsain'izy ireo. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo. (Mety ahitana fitsipika tahaka izao manaraka izao ny valintenin'ny mpianatra: **Ny fananana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay dia mamela antsika handrafitra fanontaniana sy hahita ireo hevitra mifototra amin'ny fenitry ny fahamarinan'ny Tompo toy izay hanaiky ny fihevitr'izao tontolo izao. Afaka mahita ireo olana amin'ny fomba mazava kokoa isika rehefa miorim-paka amin'ny fahatokiantsika ny Raintsika any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny.**)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo fitsipika ireo manampy antsika rehefa mandinika ireo fanontaniantsika sy ny fanontanian'ny hafa isika dia manasà mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Angataho ny mpianatra hihaino ny antony maha-zava-dehibe ny fandinihana ny petrakevitra na ny zavatra inoana izay ifotoran'ny fanontaniana iray. (Azonao atao ny manome ny mpianatra tsirairay io teny nambara io.)



"Noho ny fahalalantsika [ny drafitry ny famonjena] sy ireo fahamarinana hafa izay nambaran' Andriamanitra dia miainga amin'ny petrakevitra [na ny zavatra inoana] tsy mitovy amin'ny an'ireo izay tsy miombon-kevitra amin'izany fahalalana ananantsika izany isika. Ny vokatr'izany dia samy hafa ny fehinkevitra raisintsika mikasika ireo lohahevitra manan-danja maro izay raisin'ny hafa amin'ny eritreriny fotsiny mikasika ny fiainana an-tany. …

"… Ho tsara kokoa ho [antsika] ny mamaly izany amin'ny alalan'ny famantarana ireo hevitra na petrakevitra araka izao tontolo izao hita ao anatin'ilay hevitra hizingizinina ho marina izay [sendra antsika avy amin'ny olona hafa] dia avy eo mamantatra ireo petrakevitra samihafa izay mitarika ny fotopisainan'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy hahatonga ny olona tsy mitovy finoana amintsika hiombon-kevitra amintsika akory izany fa afaka manao izay tsy hisian'ny fifanjihirana amin'izay fehinkevitra mikasika ny famantarana ny tena loharano marin'ny tsy

fitovian-kevitra ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra atao" ("As He Thinketh in His Heart" [Takariva iarahana amin'ny Loholona Dallin H. Oaks, 8 feb. 2013], broadcasts.lds.org).

- Inona no mety ho fiantraikan'ny zavatra inoantsika na ny petrakevitsika eo amin'ireo fanontaniana apetratsika sy ny fanapahan-kevitra raisintsika avy amin'izany? (Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ny olona iray izay manomboka amin'ny fanaovana petrakevitra araka izao tontolo izao dia miafara amin'ny fanapahan-kevitra araka izao tontolo izao. Kanefa, noho isika maniry ny hahatakatra fahamarinana mandrakizay dia zava-dehibe ny mieritreritra ireo fanontaniana ao anatin'ny sahan-kevitr'ireo zavatra izay efa fantatsika mikasika an' Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjeny.)

Hazavao fa ny fahalalantsika momba an' Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjeny dia manampy antsika hahatakatra ny tanjon'ireo didy izay nomeny antsika. Mifanohitra amin'izay, ireo izay tsy manana fahalalana mitovy amin'ny antsika mikasika ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra dia handray ireo didy amin'ny fomba hafa noho izay mety handraisantsika izany.

Mba hanehoana ny fifandraisana misy eo amin'ny petrakevitra sy ny fanontaniana ary ny fanapahan-kevitra izay mety horaisiny dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: *Nahoana ny Andriamanitra be fitiavana iray no hametra na hanala ny zontsika amin'ny alalan'ny fanomezana antsika didy fa tsy hamela antsika hanana ny fahalalahana hanao izay zavatra mahafaly antsika?*

- Inona avy ireo petrakevitra mety hananan'ny olona iray rehefa mametraka io fanontaniana io?
- Inona no fahamarinana fantatsika momba ny Ray any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny ho antsika, izay manampy antsika hieritreritra io fanontaniana io avy amin'ny fomba fijeriny?
- Ahoana no hanovan'io fomba fijery mandrakizay io ny fahatakarantsika ilay olana?

Asao ny mpianatra hilaza fanontaniana na olana hafa izay tena ilàna fandinihana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo. Dia asao avy eo ny mpianatra hanazava hoe manampy antsika hahatakatra mazava kokoa ireo fanontaniana sy olana hitan'izy ireo sy handrefy izany araka ny fenitry ny fahamarinan'ny Tompo amin'ny fomba ahoana ny fitsipiky ny famakafakana ireo petrakevitra sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay. Avy eo dia mametraha fanontaniana fanaraha-maso toy ireto manaraka ireto mandritra ny fifanakalozan-kevitra ataonareo:

- Manampy anao amin'ny fomba ahoana ny fananana fijoroana ho vavolombelona ara-panahy, avy amin'ny herin'ny Fanahy Masina, momba ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny antso masina azon'ny Mpaminany Joseph Smith ary ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna rehefa sendra fanontaniana mahakasika ny Fiangonana ianao?
- Misy fiantraikany eo amin'ny fomba fijerinao amin'ny fomba ahoana ny fahafantarana fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia

tendrin' Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafiny, rehefa tsipahin'ny hevitry ny fiarahamonina ny famaritana ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray?

Asao ny mpianatra hizara ny fomba nahafahany na nahafahan'ny olona iray izay fantany nahatakatra bebe kokoa ny hevitra, na fampianarana, na fanontaniana iray rehefa nodinihin'izy ireo tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay izany. Azonao atao koa ny mizara ny zavatra niainanao manokana.

### Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra

Ampahatsiahivo ny mpianatra ilay tononkalo mifototra amin'ny fanoharana fahiny iray izay mitondra ny lohateny hoe "Ireo lehilahy jamba sy ilay elefanta" izay novakina tao anatin'ny teny nambaran'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf tao amin'ny fizarana 1 tamin'ity lesona fampianarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ity. Asao ny mpianatra hanazava ny fomba hanehoan'io tononkalo io ny maha-sarotra ny famantarana sy ny fahatakarana ny fahamarinana.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fitsipika faha 3 mitondra ny lohateny hoe "Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra" ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra nomen' Andriamanitra antsika mba hanampiana antsika hahafantatra sy hahatakatra fahamarinana. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hanisy marika ny zavatra hitany.

- Inona no nomen' Andriamanitra antsika mba hanampiana antsika hahafantatra sy hahatakatra fahamarinana?
- Inona ireo fitahiana azontsika raisina rehefa mitodika amin'ireo loharanon'ny fahamarinana masina nofidin' Andriamanitra isika? (Azonao atao ny manoro hevitra ny mpianatra hanisy marika ity fitsipika manaraka ity mandritra io fifanakalozan-kevitra io: **Rehefa mitodika amin'ireo loharanom-pahalalana masina notendren'ny Tompo isika hahazoana valim-panontaniana sy fitarihana, dia afaka ny hanavaka ny fahamarinana amin'ny fahadisoana.**)
- Ahoana no hanehoan'ilay tononkalo momba ireo lehilahy jamba sy ilay elefanta ny ilantsika mitodika amin'ireo loharanom-pahalalana masina nofidin' Andriamanitra mba hahazoana valinteny sy fitarihana?

Hazavao ilay fehezanteny voalohany ao amin'ny andiam-pehezanteny faharoa ao anatin'ny fitsipika faha 3 hoe "Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra," izay milaza hoe "Afaka mianatra fahamarinana amin'ny alalan'ny loharanom-pahalalana azo itokisana ihany koa isika."

- Ahoana no hamantarantsika ny fahamarinana hita ao amin'ireo loharanom-pahalalana hafa izay azo itokisana?
- Nahoana no manan-danja ny mitandrina amin'ireo loharanom-pahalalana tsy azo itokisana?

Asao ny mpianatra hizara ohatra mikasika ny fomba nitahiana azy ireo rehefa nitodika tamin'ireo loharanom-pahalalana masina izy ireo mba hahazoana valinteny rehefa sendra fanontaniana na olana. Azonao atao ny miomana hizara ohatra avy aminao manokana.

Resaho amin'ny mpianatra (ary raha azo atao dia asehoy azy ireo) ny tranonkala ôfisialin'ny Fiangonana mormonnewsroom.org, izay hanazavan'ny Fiangonana ireo fampahalalana mikasika ireo zavatra isan-karazany mahaliana ny olona izay mifandray amin'ny Fiangonana sy manitsy ireo fampahalalana tsy ampy na diso izay aparitaka amin'ny alalan'ny haino aman-jery. Asehoy ny mpianatra ihany koa ny pejy misy ireo Lohahevitra momba ny filazantsara an'ny Fiangonana ao amin'ny topics.lds.org. Ireo lahatsoratra momba ireo Lohahevitry ny filazantsara dia mirakitra fampahalalana manan-danja sy mahitsy mikasika ireo zavatra sarotra mikasika ny tantara sy ny fotopampianarana.

Hazavao fa mandritra ny taom-pianarana, ankoatra ny fandalinana isaky ny fizarana ny fampianarana ny Testamenta Vaovao, dia hianatra ihany koa ireo lohahevitra ara-potopampianarana sivy avy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (izay mifandraika amin'ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pampianarana ho an'ny zatovo rehefa alahady) sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mifandray amin'ny lohahevitra tsirairay. Rehefa halalinina ny lohahevitra tsirairay dia hampiasa ireo fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy izay noresahina ato amin'ity lesona ity izy ireo mba handinika fanontaniana sy olana tena misy ary ireo fahafahana ananana mba hanaovana fampiharana ho an'ny tena manokana.

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ireo fitsipika ireo rehefa sendra ireo hevitra na fanontaniana sarotra isika. Omeo toky ny mpianatra fa tian'ny Tompo ny hampianatra azy ireo amin'ny alalan'ny Fanahiny. Rehefa mitodika any Aminy amim-pinoana isika dia hanome antsika valiny Izy ary hanome fitarihana eo amin'ny fiainantsika.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ampiasao ity asa atao manaraka ity mandritra ny fotoam-pianarana mitokana iray mba hanampiana ny mpianatra hamerina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao izay resahina ao amin'ny fizarana 1 sy 2 ato amin'ity fianarana mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy ity.

Soraty eo amin'ny solaitrabe alohan'ny fotoam-pianarana ireto andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ireto: *Jaona 7:17; 1 Korintiana 2:5, 9–11; 2 Timoty 3:15–17; Jakoba 1:5–6.*

Asaivo miara-miasa ao anaty vondrona ahitana olona roa na telo ny mpianatra. Ampandraiketo ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana voasoratra eo amin'ny solaitrabe ny vondrona tsirairay. Omeo torolalana izy ireo hiara-hamaky ilay andinin-tsoratra masina ao amin'ny vondrona misy azy ireo ka hitady ny fotopampianarana ampianarina ao anatin'izany.

Asao ny mpianatra hanao tatitra momba ny zavatra hitany. (Resaho ireo zavatra teo aloha ato anatin'ity fianarana ity na ao amin'ireo lesona mifandray amin'izany ao

amin'ny *Testamenta Vaovao: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* mba hijerena ohatra mikasika ny fomba azo ilazana ireo fahamarinana mifandray amin'ireo soratra masina ireo.)

Aorian'izay dia angataho ny mpianatra hiara-hiasa ao amin'ny vondrona misy azy ka hisafidy teny maromaro avy amin'ilay andinin-tsoratra masina izay azo ampiasaina mba haneho amin'ny fomba tsara indrindra ny fotopampianarana ampianarina. Ohatra, ho an'ny Jakoba 1:5–6, dia afaka misafidy ny teny hoe *tsy manana, fahendrena, mangataka,* ary *Andriamanitra* ny mpianatra.

Atombohy amin'ilay vondrona nampandraiketina ny Jaona 7:17, dia angataho ny mpianatra iray avy ao amin'ilay vondrona mba hanoratra ireo teny nosafidiany eo ambanin'ilay toko sy andininy eo amin'ny solaitrabe ka hanazava ny antony nisafidianan'izy ireo ireo teny ireo. (Raha mihoatra ny vondrona iray no nampandraiketina io toko sy andininy io dia mangataha mpianatra iray avy ao amin'ny vondrona tsirairay hanoratra ny teny nofidiany eo amin'ny solaitrabe. Raha tsy mitovy ireo teny dia ampio ny mpianatra mba hifanaraka amin'ny teny ho ampiasaina.) Avereno tenenina miaraka ao an-dakilasy ilay andinin-tsoratra masina sy ireo teny eo amin'ny solaitrabe. Avereno izany ho an'ireo andinin-tsoratra masina telo sisa.

Avereno any amin'ny fiandohan'ireo fotoam-pianarana maro manaraka ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana sy ireo teny nofidian'ny mpianatra ho an'ny tsirairay amin'izany.

# Ny Andriamanitra

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (35 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Hazavao fa amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia omena fahatakarana mazava momba ny anjara asan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina isika.

Tsinjarao anaty vondrona ahitana olona telo na efatra ireo mpianatra. Omeo ny tahadikan'ity torolalana manaraka ity ny vondrona tsirairay avy, ary asao izy ireo hamita ilay asa atao araka ny toromarika:

> Tadiavo ny lohahevitra ara-potopampianarana 1 mitondra ny lohateny hoe "Ny Andriamanitra," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Mifandimbiasa mamaky mafy ireo andiam-pehezanteny eo ambanin'io lohahevitra io mba hitadiavana ireo hevi-baovao momba ny Andriamanitra.
>
> Rehefa avy mamaky ianareo dia asao ny mpikambana ao anatin'ny vondrona tsirairay hamaly ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:
>
> - Inona no hevi-baovao nianaranareo momba ny Andriamanitra na ny iray amin'ireo mpikambana ao anatin'izany?
> - Inona no fotopampianarana momba ny Andriamanitra na ny iray amin'ireo mpikambana ao anatin'izany izay heverinareo fa manan-danja manokana ka tokony ho takatra? Nahoana?

Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia manasà mpianatra maromaro hizara amin'ny mpianatra rehetra ny zavatra izay noresahan'izy ireo tao amin'ny vondrona nisy azy.

### Fizarana 2 (5 minitra)

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1 mitondra ny lohateny hoe "Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Anontanio avy eo hoe:

- Inona no andinin-tsoratra masina ampiasaina mba hampianarana ilay fotopampianarana hoe Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika? (Hebreo 12:9.)

Asao hijery ny Hebreo 12:9 ireo mpianatra. Hazavao fa ity andinin-tsoratra masina ity dia ahitana torolalana avy amin'ny Apôstôly Paoly ho an'ireo Jiosy mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny fotoan'androny. Nikatsaka ny hanampy ireo mpikamban'ny Fiangonana hahatakatra ny fomba hamaliana ny famaizan' Andriamanitra, na ny fanitsiany sy ny fampianarany i Paoly (jereo ny Hebreo 12:7).

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Hebreo 12:9. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny anarana nampiasain'i Paoly mba hiantsoana an' Andriamanitra.

- Inona no anarana nampiasain'i Paoly mba hiantsoana an' Andriamanitra?

Asao ny mpianatra hanoratra ity fahamarinana manaraka ity ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Hebreo 12:9: **Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika.** Koa satria andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izy io dia azonao atao ny manoro hevitra ny mpianatra hanisy marika ny Hebreo 12:9 amin'ny fomba miavaka mba hahafahan'izy ireo mahita izany mora foana.

## Fizarana 3 (10 minitra)

Vakio mafy miaraka amin'ny mpianatra ny Hebreo 12:9. Asao ny mpianatra mba hilaza ilay fotopampianarana momba an' Andriamanitra izay ianarantsika avy amin'io andininy io.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ilay fotopampianarana hoe Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika dia manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezanteny ao anatin'ity teny nambara manaraka ity, izay nalaina tao amin'ny fizarana hoe Gospel Topics (Lohahevitry ny filazantsara) ao amin'ny LDS.org. (Raha azo atao dia azonao aseho amin'ny mpianatra ny fomba hanaovana fikarohana hiditra ao amin'ny Lohahevitry ny filazantsara mba hahafantaran'izy ireo ny fomba hitadiavany io teny nambara io.)

> "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mampianatra fa ny olombelona rehetra, na lahy na vavy, dia fanahy zanaka malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, izay ahitana Ray sy Reny any An-danitra. …
>
> "Ny Olomasin'ny andro farany dia mampivantana ny fitsaohany amin'ny Ray any An-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ary tsy mivavaka amin'ny Reny any An-danitra. Amin'izany izy ireo dia manaraka ny lamina napetrak'i Jesoa Kristy, izay nampianatra ireo mpianany hoe '[h]ivavaka mandrakariva amin'ny Ray amin'ny anarako ianareo' [3 Nefia 18:19–21]. Ny Olomasin'ny Andro Farany dia ampianarina mba hivavaka amin'ny Ray any An-danitra, kanefa araka izay nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley dia 'Ny tsy fivavahantsika amin'ny Renintsika any An-danitra dia tsy mampihen-danja ny zony na maneho tsy fanajana Azy' ["Daughters of God," *Ensign,* nôv. 1991, 100].
>
> "Tahaka ny maro amin'ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara, ny fahalalana ananantsika amin'izao fotoana izao momba ny Reny any An-danitra dia voafetra. Na izany aza dia nomena fahalalana ampy isika mba hankafizantsika ny fahamasinan'io fotopampianarana io sy hahatakarantsika ny lamina masina napetraka ho antsika amin'ny maha-zanaky ny ray aman-dreny any an-danitra antsika" (Gospel Topics, "Mother in Heaven," lds.org/topics).

- Nahoana no manampy ny mahatakatra fa sady manana Ray isika no manana Reny any An-danitra?

## Fizarana 4 (10 minitra)

Mba hamerenana ny Hebreo 12:9 sy ilay fotopampianarana hoe Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika dia omeo ny tahadikan'ity toromarika manaraka ity ny mpianatra tsirairay ary angataho izy ireo hamita ilay asa atao:

Vakio sy saintsaino ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Boyd K. Packer tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:

"Zanak' Andriamanitra ianao. Izy no rain'ny fanahinao. Eo amin'ny ara-panahy dia teraka tao anatin'ny taranaka ambony ianao, taranaky ny Mpanjaka any An-danitra. Ataovy miraikitra ao an-tsainao izany fahamarinana izany dia fikiro. Na firy na firy ireo taranaka nifandimby tao amin'ny firazananao eto an-tany, na inona volon-koditrao na avy amin'ny vahoaka inona ianao, dia azo soratana ao anatin'ny taranaka tokana ny firazananao ara-panahy. Zanak' Andriamanitra ianao!" ("To Young Women and Men," *Ensign,* mey 1989, 54).

Valio ao anatin'ny diary fandalinanao soratra masina na ny kahienao ao an-dakilasy ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no ahafantaranao fa zanak' Andriamanitra ianao?
- Misy fiantraikany amin'ny fahatsapanao ny amin'ny tenanao sy ny safidy ataonao amin'ny fomba ahoana ny fahafantarana fa Andriamanitra no Rain'ny fanahinao?
- Tokony hisy fiantraikany amin'ny fomba fahitanao ny hafa sy ny fitondranao azy ireo amin'ny fomba ahoana ny fahatakarana fa Andriamanitra no Rain'ny fanahinao?

Rehefa avy nomena fotoana ampy izy ireo dia asao ny mpianatra iray na roa izay tsy manana olana amin'ny fizarana ny zavatra nosoratany mba hanao izany.

Azonao atao ny mampiasa minitra vitsy any am-piandohan'ireo lesona vitsivitsy manaraka, angamba mandritra ny fotoam-pivavahana fanombohana ny fotoam-pianarana, mba hanasa mpianatra vitsivitsy fanampiny hizara ny zavatra nosoratany tamin'ity asa atao ity. Raha manao izany ianao dia asao ilay mpianatra voalohany izay mizara ny zavatra nosoratany mba hamaky mafy ny Hebreo 12:9 ka hamerina hilaza ilay fotopampianarana hoe Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika. Ny famerenana io andinin-tsoratra masina sy fotopampianarana io dia afaka manampy ny mpianatra hahatsiaro io fahamarinana io.

## Fampiharana (12–15 minitra)

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izay azy ireo. Avereno jerena ny dikan'ireo fitsipika telo hoe: fanaovana asa amim-pinoana sy famakafakana ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Zarao ho vondrona tsiroaroa na tsitelotelo ireo mpianatra. Omeo ny tahadikan'ity torolalana manaraka ity ny vondrona tsirairay avy, ary asao izy ireo hamita ilay asa atao:

1. Vakio mafy ity toe-javatra iray noforonina ity ary eritrereto raha efa nanana fahatsapana mitovy amin'ny an'ilay zatovovavy ianao:

   Manana olana maro i Leah eo amin'ny fifandraisany amin'ny fianakaviany sy ny namany sasany. Indray alina dia nandohalika izy mba hivavaka saingy tsy nanomboka ny vavaka saika hataony mihitsy. Niteny irery tao anatin'ny fahadisoam-panantenana izy hoe: "Fa nahoana Andriamanitra

no tsy miraharaha ahy?" Nipetraka teo amin'ny fandriany izy ary nieritreritra ireo zava-tsarotra niainany vao haingana, ka nandray izay ho porofo fa tsy niraharaha azy Andriamanitra.

Andro maromaro taorian'izay nandritra ny fiaraha-mientana nataon'ny zatovo dia nanontany an'i Leah ny mpitarika iray tao amin'ny Zatovovavy hoe manao ahoana izy. Namaly i Leah hoe: "Tsy dia tsara loatra. Sarotra ny fiainana amin'izao fotoana izao." Nanohy nametraka fanontaniana ilay mpitarika an'i Leah ary nizara ny zavatra tsapany i Leah tamin'ny farany hoe tsy miraharaha azy Andriamanitra.

2. Ifanakalozy hevitra miaraka ity fanontaniana manaraka ity:

    - Raha ianao no mpitarika an'i Leah dia inona no mety hataonao mba hanampiana an'i Leah hanao asa amim-pinoana, na hamakafaka ny olana ananany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, na hikatsaka fahatakarana amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra?

3. Tohizo ny famakiana mafy ilay toe-javatra noforonina:

    Naneho fangorahana tamin-kitsimpo ny mpitarika an'i Leah dia nanontany hoe: "Efa nisy fotoana nahafantaranao ve fa miraharaha anao Andriamanitra?"

    Nieritreritra fotoana iray i Leah ka nahatsiaro ireo zavatra niainana maro izay namalian' Andriamanitra ny vavaka nataony. Nolazainy tamin'ilay mpitarika azy ireo zavatra ireo. Namaly ilay mpitarika azy hoe: "Misaotra anao nizara ireo zavatra niainana ireo tamiko. Fantatro fa Andriamanitra no Raintsika ary tia antsika Izy. Ary fantatro fa tia sy miraharaha antsika Izy. Saingy indraindray dia sarotra ny mahatsapa ny fitiavany rehefa tsy miezaka amim-pahavitrihana ny hanatona Azy isika. Inona no nataonao tato ho ato mba hanatonana ny Ray any An-danitra?

    "Mazàna aho no mivavaka amin'ny alina. Saingy tsy tena nivavaka tamin'ny Ray any An-danitra mikasika ireo olana lalovako aho," hoy i Leah namaly.

    "Satria zanany vavy ianao dia te handre vaovao avy aminao ny Ray any An-danitra. Hivavaka sy hizara Aminy ny olanao sy ny fanontaniana anananao ve ianao?" Hoy ny mpitarika an'i Leah nanontany.

    "Eny," hoy i Leah. Dia notohizany hoe: "Misaotra. Nilaiko izany fampahatsiahivana izany."

4. Ifampiresaho amin'ny mpianatra rehetra ireto fanontaniana manaraka ireto:

    - Araka ny hevitrareo dia hitondra tombontsoa ho an'i Leah amin'ny fomba ahoana ny fanapahan-keviny hiasa amim-pinoana?
    - Inona no fantatrareo momba an' Andriamanitra ka afaka manampy anareo mandritra ireo fotoana hahatsapanareo fa lavitra Azy ianareo na rehefa manontany tena raha toa Izy ka miraharaha ny zavatra lalovanareo?

Rehefa ampy ny fotoana nomena hanaovana izany dia asao ny mpianatra maromaro hanao tatitra ny zavatra noresahan'izy ireo tao amin'ny vondrona nisy azy.

Azonao atao ny mamarana amin'ny fijoroana ho vavolombelona fa Andriamanitra no Rain'ny fanahintsika ary tia sy miraharaha ny tsirairay avy amintsika toy ny zanany Izy. Asao ny mpianatra hahatsiaro mandrakariva fa zanak' Andriamanitra izy ireo.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Tanisao eo amin'ny solaitrabe ny tsirairay amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao izay

nianaran'ny mpianatra hatreto nandritra ity taranja ity. Omeo andinin-tsoratra masina fehezina samy hafa mirakitra fotopampianarana ny mpianatra tsirairay. Omeo torolalana ny mpianatra hanoratra amin'ny taratasy ny toe-javatra na ny fitantarana toe-javatra iray izay azo ampiharana ireo fitsipika sy fahamarinana voarakitra ao amin'ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana nampandraiketina azy ireo.

Rehefa mahavita ny mpianatra dia angony ny toe-javatra nosoratan'izy ireo. Vakio mafy ny toe-javatra iray ka asao ny mpianatra hitady andinin-tsoratra masina fehezina iray mirakitra fotopampianarana izay afaka manampy amin'ny famaliana izany toe-javatra izany. Manaraha maso amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hanazava ny fomba azo ampiharana ao anatin'ilay toe-javatra ireo fahamarinana nampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay hitan'izy ireo. Avereno ilay asa atao amin'ny alalan'ny famakiana mafy toe-javatra hafa noforonina. Azonao atao koa ny manolotra ny sasany amin'ireo toe-javatra noforonina amin'ny fiandohana na ny fiafaran'ireo lesona mandritra ny herinandro ho avy.

# Ny Drafitry ny famonjena

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (60–70 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Hazavao fa olona maro manerana an'izao tontolo izao no tsy manana fahatakarana mazava sy feno mikasika ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra. Amin'ny maha-mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika anefa dia manana fahalalana mikasika ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany izay manampy antsika hahatakatra ny drafitry ny Ray any An-danitra isika.

Asao ny mpianatra hanao ny sarin'ny drafitry ny famonjena izay ahitana ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy ny fiainana eto an-tany, ary ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Rehefa vitan'izy ireo izany dia zarao tsiroaroa ny mpianatra ary angataho izy ireo mba hamaky ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 mitondra ny lohateny hoe "Ny Drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ka hitady antsipirian-javatra fanampiny izay azony ampidirina ao amin'ny sariny. Asaivo hazavain'izy ireo amin'izay mpiara-miasa amin'izy ireo ny antsipirian-javatra fanampiny hitany ary ny fomba hanampian'ireo antsipirian-javatra ireo antsika hahatakatra bebe kokoa ny drafitr' Andriamanitra.

### Fizarana 2 (10 minitra)

Asao ny mpianatra mba hijery ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 mitondra ny lohateny hoe "Ny Drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ary hanisy marika ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay tohanan'ny andinin-tsoratra masina avy ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ahitana izao manaraka izao izany:

- **Mba hanatanterahana izany drafitra izany sy hahatongavana tahaka ny Raintsika any An-danitra dia tsy maintsy mahafantatra Azy sy i Jesoa Kristy Zanany isika, ary manana fahatakarana marina momba ny toetran'Izy ireo** (jereo ny Jaona 17:3).
- **Masina ny vatantsika ka tokony hajaina toy ny fanomezana iray avy any amin'ny Raintsika any An-danitra** (jereo ny 1 Korintiana 6:19–20).
- **Ny olona rehetra dia hanana fahafahana hianatra ireo fitsipiky ny filazantsara sy hahazo ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana ao amin'izany amin'ny farany. Maro amin'ireo mahatoky no hitory ny filazantsara amin'ireo izay ao an-tranomaizin'ny fanahy. Ireo izay misafidy ny handray ny filazantsara sy mibebaka ary manaiky ireo ôrdônansin'ny famonjena izay tanterahina any amin'ny tempoly dia hitoetra ao amin'ny paradisa mandra-pahatongan'ny Fitsanganana amin'ny maty**(jereo ny 1 Petera 4:6).

- **Ny olona rehetra teraka eto an-tany dia hitsangana amin'ny maty avokoa satria efa nandresy ny fahafatesana ara-batana i Jesoa Kristy** (jereo ny 1 Korintiana 15:20–22).
- **Aorian'ny Fitsanganana amin'ny maty no hitranga ny Fitsarana Farany. Hotsarain'i Jesoa Kristy ny olona tsirairay mba hamantarana ny voninahitra mandrakizay izay horaisiny. Izany fitsarana izany dia hifototra amin'ny faniriana sy ny fankatoavan'ny tsirairay ny didin' Andriamanitra** (jereo ny Apokalypsy 20:12).
- **Misy telo ny fanjakam-boninahitra: ny fanjakana selestialy, ny fanjakana terestrialy ary ny fanjakana telestialy** (jereo ny 1 Korintiana 15:40–42).

## Fizarana 3 (20–25 minitra)

Misafidiana fehezanteny milaza fotopampianarana sy andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana vitsivitsy izay voatanisa etsy ambony na fidio izy rehetra mba hampiasaina amin'ity asa atao manaraka ity. Raha toa ka misafidy ny hiresaka ny vitsivitsy amin'ireo fehezanteny fotsiny ianao, dia avereno amin'ny andro manaraka ilay asa atao ho an'ny ambin'ireo fehezanteny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana.

Asao ny mpianatra mba haka sary an-tsaina hoe hamaly fanontanian'ny namana iray mikasika ny drafitry ny famonjena izy ireo. Asaivo miasa tsiroaroa na anaty vondrona kely ny mpianatra mba handalina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nofanteninao. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto mba hifanakalozan'ny mpianatra hevitra rehefa mandalina ny andinin-tsoratra masina tsirairay izy ireo:

- *Ahoana no fomba hampiasanao ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mba hanazavana ilay fehezanteny milaza fotopampianarana tohanan'izany ao amin'ny Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*
- *Inona no mety tena ilan'ny olona iray izay tsy dia mahafantatra loatra momba ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ilay soratra masina sy ilay fotopampianarana?*
- *Inona no mety ho fiantraikany entin'ny fotopampianarana sy fampianarana ao anatin'ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana eo amin'ny fomba fiainana nosafidinao amin'izao fotoana izao?*

Rehefa avy nomena fotoana ampy, dia asao ny mpianatra maromaro mba hizara ny valinteniny amin'ny iray kilasy. Mba hisian'ny fifanakalozan-kevitra sy fahatakarana bebe kokoa, dia azonao atao ny mametraka fanontaniana fanampiny toy ireto manaraka ireto:

- Nahoana no zava-dehibe ho antsika sy ho an'ny hafa eto amin'izao tontolo izao ny mahatakatra ireo fotopampianarana ireo?

- Inona avy ireo fanontaniana valin'ireo fotopampianarana ireo mikasika ny drafitry ny Raintsika Any An-danitra?

### Fizarana 4 (20–25 minitra)

Soraty tsirairay amin'ny tapa-taratasy misaratsaraka ireto fanontaniana manaraka ireto ary apetraho mihohoka eo ambony latabatra iray ao amin'ny efitrano fianarana:

- *Raha toa ka tsy maintsy manaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny olona iray vao mahazo famonjena, dia inona no mitranga amin'ireo olona maty tsy mba nahalala velively mikasika ny filazantsara?*
- *Iza no hitsangana amin'ny maty?*
- *Nahoana aho no tokony ho feno fankasitrahana ny amin'ny vatako na dia mety manana olana aza izany?*
- *Henoko fa na ny olona mankany an-danitra na mankany amin'ny helo amin'ny farany. Marina ve izany?*
- *Inona no fahalalana manan-danja indrindra azoko rantovina?*
- *Inona no ho fiantraikan'ireo safidiko eto amin'ity fiainana ity eo amin'ny zavatra hitranga amiko aorian'ny fahafatesako?*

Avereno dinihina rehefa ilaina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao izay mifandray amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 mitondra ny lohateny hoe "Ny Drafitry ny famonjena." Azonao atao ny manoratra eo amin'ny solaitrabe ireo soratra masina mifandray amin'ireto andinin-tsoratra masina ireto: *Jaona 17:3; 1 Korintiana 6:19–20; 1 Korintiana 15:20–22; 1 Korintiana 15:40–42; 1 Petera 4:6; Apokalypsy 20:12.*

Tendreo hiasa tsiroaroa ireo mpianatra. Asao ho eny aloha ny vondrona mpiara-miasa iray. Hazavao fa ireo mpianatra ambiny ao amin'ny kilasy no ho toy ireo namana izay manana fanontaniana mikasika ny fampianaran'ny Fiangonana. Maneho ireo fanontaniana ananan'ny mpianatra mikasika ny drafitry ny famonjena ireo tapa-taratasy eo ambony latabatra. Asao ilay vondrona iray mpiara-miasa mba handinika ny fomba ahafahany mamaly ireo fanontaniana ireo amin'ny alalan'ny fampiasana ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana sy ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay nianaran'izy ireo mikasika ny drafitry ny famonjena. Asaivo mifidy tapa-taratasy iray ilay vondrona mpiara-miasa, dia asaivo vakin'ny mpianatra iray hafa ilay fanontaniana, dia avelao ilay vondrona mpiara-miasa hamaly ilay fanontaniana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Avereno ity asa atao ity ka vondrona mpiara-miasa mandeha tsiroaroa hafa indray no mamaly ireo fanontaniana. (*Fanamarihana:* Mba hizarazarana ity asa atao ity ho lasa fizarana kelikely kokoa maromaro dia afaka mieritreritra ny hamaly fanontaniana iray na mihoatra amin'ny andro samy hafa ianao toy izay izy rehetra ao anatin'ny fotoana anankiray hanaovana asa atao.)

Farano izany amin'ny alalan'ny fanontaniana ireo mpianatra hoe nahazo tanjaka tamin'ny fomba ahoana ny fahatakaran'izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo nandritra ilay asa natao.

## Fampiharana (30–40 minitra)

Amin'ny alalan'ny fampiasana ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia ampio ny mpianatra hampiasa ireo fitsipika telo—fanaovana asa amim-pinoana sy famakafakana ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra—sy hampihatra azy ireo eo amin'ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay nianaran'izy ireo mikasika ny drafitry ny famonjena. Ireto asa atao manaraka ireto dia afaka manampy anao hanatontosa izany. Azo tanterahina ao anatin'ny andro anankiray ireo asa atao ireo na amin'ny andro samy hafa fa miankina amin'ny fandaraharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

### Fampiasana 1 (20–25 minitra)

Vakio mafy ity zavatra nambara manaraka ity ary asao ny mpianatra mba haka sary an-tsaina hoe napetraka teo amin'ny rindrin'ny tambazotra ifaneraserana izany:

"Tsy azoko ny Môrmôna. Nahoana izy ireo no miaina miaraka amin'ny fepetra maro dia maro—tsy manao tombon-kavatsa na misotro toaka, tsy manao firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana, tsy manao afa-tsy fitafy maotina? Raha ny hevitro dia vatanao io ary fiainanao io. Ataovy izay tianao hatao rehefa tsy mandratra olon-kafa fotsiny ianao. Mila milefitra ny Môrmôna."

Asao ireo mpianatra hanoratra ny valinteny homen'izy ireo an'ity zavatra napetraka teo amin'ny rindrin'ny tambazotra ifaneraserana ity. Angataho izy ireo rehefa mamaly mba hampiasa ny 1 Korintiana 6:19–20 sy ireo fitsipika telo hita ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireo fitsipika ireo:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Mba hanampiana ireo mpianatra hanao fampiharana eo amin'ny fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra dia asao izy ireo hitady andinin-tsoratra masina fanampiny ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina. Afaka mitady zavatra nambaran'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ihany koa izy ireo izay manazava ny fahamasinan'ny vatantsika. Afaka mampiasa ireo fitaovana elektrônika izy ireo, raha misy, mba hikarohana ao amin'ny LDS.org, na afaka mitady ireo teny nambara ireo ao anatin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana. Azonao vakina mafy ity

teny manaraka nambaran'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity mba ho ohatra:



"Ireo izay mino fa ny vatantsika dia tsy inona akory fa vokatry ny kisendrasendran'ny fivoarana ihany dia tsy hahatsapa ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra na amin'olon-kafa amin'ny zavatra ataon'izy ireo amin'ny vatany. Isika izay manana fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana bebe kokoa mikasika ny mandrakizay talohan'ny nahaterahana sy amin'ny fiainana an-tany ary ny aorian'ny fahafatesana anefa dia tsy maintsy manaiky fa manana adidy amin' Andriamanitra isika mikasika izany fahatontosana lehibe tamin'ny fahariany ny vatana izany. Hoy ny tenin'i Paoly hoe:

" 'Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin' Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo.

" 'Fa olom-boavidy hianareo, koa dia mankalazà an' Andriamanitra amin'ny tenanareo' (1 Korintiana 6:19–20).

"Rehefa manaiky ireo fahamarinana ireo isika … , dia azo antoka fa tsy hanimba ny vatantsika amin'ny tombon-kavatsa isika ohatra na hampalemy izany amin'ny alalan'ny zava-mahadomelina na hanimbazimba izany amin'ny alalan'ny fahavetavetana na fijangajangana na tsy fahamaotinana. Noho ny maha-fitaovan'ny fanahintsika an'izany vatana izany dia zava-dehibe ny mikarakara tsara araka izay tratrantsika azy io. Tokony hatokantsika mba hanompoana sy hampandrosoana ny asan'i Kristy ny heriny."("Fanehoan-kevitra momba ny fanokanana ny fiainana ho masina," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 17).

Rehefa avy nanoratra ny mpianatra dia asao izy ireo mba hamaky ny valinteniny amin'ny olona iray hafa ao amin'ny kilasy sy hifanakalo hevitra mikasika ny fomba nampiasan'izy ireo ireo fitsipika telo mba hamaliana ilay fanontaniana napetraka teo amin'ny rindrin'ny tambazotra ifaneraserana. Asao izy ireo mba hizara ny sasantsasany amin'ny valinteniny amin'ny kilasy ary hifanakalo hevitra mikasika ny fomba fanehoan'ireo valinteny ireo ireo fitsipika hita ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy.

Farano amin'ny fanasana ny mpianatra hieritreritra ny fomba ahafahan'izy ireo miaina tsara kokoa araka ny fotopampianarana naverin'izy ireo nodinihina androany izany.

### Fampiasana 2 (10-15 minitra)

Avereno jerena vetivety miaraka amin'ny mpianatra ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao izay manazava ny fotopampianaran'ny drafitry ny famonjena. Dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy amin'ny iray kilasy ity tantara manaraka ity. Angataho ny mpianatra mba hieritreritra hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo fotopampianaran'ilay drafitra manampy an'i José eo amin'ireo safidy ataony:

"Haingana kokoa e!" hoy ilay mpanazatra nivazavaza tamin'i José, izay vao tsy nahafaty baolina. Hitan'i Sylvia naman'i José ny fandehanany niverina nipetraka teny amin'ny dabilio, tao anatin'ny fahasorenana tokoa. Fantany fa naniry mafy ny hilalao tsara i José. Niasa mafy izy mba hahatafidirana tao amin'ilay ekipa mpilalao baolina. Tsy izy no mailaka sy matanjaka indrindra tao amin'ilay ekipa, fa nanana fahaiza-manao manokana izy izay nanaitra ireo mpanazatra.

Lasa mpinamana i José sy i Sylvia nanomboka tamin'ny nifindran'i José tao amin'ny paroasin'i Sylvia taona vitsy lasa izay. Tsy ny hatsaram-panahiny ihany no nahavariana azy fa ny fahafoizantena nasehony teo amin'ireo andraikiny ao amin'ny fisoronana ihany koa. Feno fankasitrahana izy noho ny fananany namana iray izay nitovy finoana taminy.

Hitan'i Sylvia i José namoaka ny tavoahangin-dranony avy tao anatin'ny kitapony dia naka iray tamin'ireo comprimés maitso izay tany amin'ny farany ambanin'ilay kitapo izy tamin'izay. Nikentrona i Sylvia rehefa nahita azy nihinana ilay comprimé sy nitelina izany niaraka tamin'ny rano. Nomen'ny sasany tamin'ireo namany tao amin'ilay ekipa fanafody mampahatanjaka izy andro vitsy lasa izay. Nolazain'i José fa nahatsapa ho natanjaka kokoa izy rehefa nilalao hatramin'ny nihinanany izany.

Hitan'i Sylvia koa izy nihinana anankiray vao maraina, ka nanapa-kevitra izy tamin'izay fa hiteny zavatra aminy. "Hitanao! tsy tsara ny mihinana ireny," hoy izy taminy, "ary raha hitan'ny mpanazatra izao dia azo antoka fa hoesorina ato amin'ny ekipa ianao."

"Tsy olana izany e!" hoy ny navaliny. "Vatako io ary hijanona tsy hihinana intsony aho raha vao tratrako ny tanjaka sy ny hafainganam-pandehan'ireo mpilalao hafa. Andeha hiresaka zavatra hafa e!"

- Inona avy ireo olana hitanao ao amin'ity tantara ity?
- Inona no zavatra mety tsy araka ny tokony ho izy eo amin'ny fisainan'i José sy ny fitondrantenany?
- Araka ny hevitrao dia ahoana no fahitan'i Sylvia ny toe-javatra miseho?

Rehefa avy mamaly ireo fanontaniana ireo ny mpianatra dia ampahatsiahivo azy ireo ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalala ara-panahy: fanaovana asa amim-pinoana sy famakafakana ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Makà mpianatra roa hilalao ny tohin'ny tantara—ny iray i Sylvia ary ny anankiray i José. Asao ilay mpianatra milalao ny anjaran'i Sylvia mba hampiseho ny fomba fampiasana ny iray amin'ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahatakarana ara-panahy na mihoatra izany mba hanampiana an'i José hamerina handinika ny safidiny. Asao ilay mpianatra milalao ny anjaran'i José mba hamaly amin'ny fomba matotra sy amin-kitsimpo.

Asao ny mpianatra ambiny mba hitady ireo fitsipika izay naseho aorian'ilay filalaovana an-tsehatra. Afaka mangataka ny iray kilasy koa ianao mba hanolotra sosokevitra mikasika ny fomba ahafahana mampiasa bebe kokoa ireo fitsipika ao anatin'ilay filalaovana an-tsehatra.

Amporisiho ny mpianatra mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo mikasika ilay fotopampianarana sy ireo fitsipika nampianarina tao amin'ity asa natao ity.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Tokony haverina dinihina mandritra ireo andro manaraka ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mba hanampiana ny mpianatra hahatadidy sy hanana fahafahana hampiasa azy ireo. Mitadiava fotoana ahafahana mamerina mandinika ireo andinin-tsoratra masina ireo mandritra ny taom-pianarana.

Ity asa atao manaraka ity dia natao mba hanampiana ny mpianatra hahatadidy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao miisa enina izay mifandray amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Kanefa azonao amboarina ity asa atao ity mba hampidirana ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nianaran'ny mpianatra nandritra ity taom-pianarana ity.

Zarao amin'ny mpianatra tsirairay ity fitsapam-pahaizana ho an'ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao manaraka izay manampy antsika hahatakatra ny fotopampianaran'ny drafitry ny famonjena ity. Mety ilainao ny mamerina mandinika indraindray ireo andinin-tsoratra masina ireo alohan'ity asa atao ity mba ho zatra an'ireo soratra masina sy andian-teny manan-danja ao amin'ilay lahatsoratra ny mpianatra. Avelao ny mpianatra hampiasa ny soratra masiny sy ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* mba hianarany miaraka amin'ny mpianatra iray hafa mandritra ny minitra vitsy alohan'ny hanaovana ilay fitsapam-pahaizana. Dia ataovy ilay fitsapam-pahaizana ka angataho ny mpianatra hanoratra ny boky sy ny toko sy andininy marina eo amin'ilay faritra banga eo akaikin'ny tarehimarika tsirairay.

Iaraho manitsy amin'ny iray kilasy ilay fitsapam-pahaizana mba hahafahanao mamaly fanontaniana na manolotra fanazavana bebe kokoa mikasika ireo andinin-tsoratra masina.

1. ______________________"Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina?"
2. ______________________"Ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany."
3. ______________________"Hafa ny voninahitry ny masoandro, ary hafa ny voninahitry ny volana, ary hafa ny voninahitry ny kintana. … Dia toy izany koa ny fitsanganan'ny maty."
4. ______________________"Fa noho izao no nitoriana ny filazantsara tamin'izay maty."
5. ______________________"Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy."
6. ______________________"Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jes[oa] Kristy, Izay efa nirahinao."

Amporisiho ny mpianatra mba hitadidy ireo andinin-tsoratra masina ireo ary ireo andian-teny manan-danja. Azonao tsapaina amin'ny fomba hafa ny fahaizan'ny mpianatra ireo andinin-tsoratra masina ireo mandritra ireo herinandro vitstivitsy ho avy.

*Valin'ny fitsapam-pahaizana:* (1) 1 Korintiana 6:19–20; (2) Apokalypsy 20:12; (3) 1 Korintiana 15:40–42; (4) 1 Petera 4:6; (5) 1 Korintiana 15:20–22; (6) Jaona 17:3.

# Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (65 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ity teny ambara manaraka ity: *Noho ny Sorompanavotany, dia afaka manao zavatra bebe kokoa ho antsika noho ny famelana ny fahotantsika fotsiny i Jesoa Kristy.*

Asao ny mpianatra hilaza fitahiana fanampiny ankoatra ny famelana ny fahotantsika izay afaka ny ho azontsika noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'ny mpianatra.

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezanteny dimy voalohany ny mpianatra maromaro. Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo fitahiana afaka ny ho azontsika noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Asao ireo mpianatra hanao tatitra ny zavatra hitany ary hanampy fitahiana hafa izay mbola tsy voalaza ao anatin'ilay lisitra eo amin'ny solaitrabe.

Sariho ho any amin'ny andiam-pehezanteny fahefatra ny sain'ny mpianatra ary asao izy ireo mba hanisy marika ity fahamarinana manaraka ity: **Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery.**

- Inona avy ireo karazana enta-mavesatra sy olana mety atrehantsika eto amin'ny fiainana an-tany izay tsy vokatry ny fahotantsika?

Asao ny mpianatra mba hisaintsaina ireo olana atrehany. Amporisiho izy ireo, eo am-panohizany ny fandalinany mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, mba hisaintsaina ny fomba ahafahan'izy ireo mahazo hery avy amin'ny Mpamonjy mba hanampy azy ireo amin'ireo olana atrehany.

### Fizarana 2 (5 minitra)

Zarao tsiroaroa ny mpianatra ary asao izy ireo hiara-hamaky sy hanisy marika ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana Matio 11:28–30. Angataho izy ireo mba hifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Amin'ny fomba ahoana no hanehoan'io andinin-tsoratra masina io ilay teny nambara mirakitra fotopampianarana izay hitantsika tany aloha tany hoe:

rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery?

- Inona no ampianarin'io andinin-tsoratra masina io mikasika ny andraikitsika?
- Inona no ampianaran'izany antsika mikasika ny zavatra hataon'ny Mpamonjy ho antsika rehefa manatona Azy isika ?

### Fizarana 3 (5 minitra)

Asehoy ireto teny manaraka nambaran'ny Loholona David A. Bednar sy ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ireto na zarao ny tahadikan'izany. Hazavao fa ireo teny anankiroa nambaran'ireo Apôstôly ireo dia manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny lohahevitry ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ary indrindra ilay fotopampianarana hoe, rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery. Manasà mpianatra roa hamaky mafy ny iray amin'ireo teny nambara. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady hevi-baovao ao anatin'ilay hoe, ahoana no ahafahan'ny Mpamonjy mampatanjaka antsika mba hahazaka ny enta-mavesatsika.



"Tsy misy fanaintainana ara-nofo, tsy misy ratra ara-panahy, tsy misy fangirifirian'ny fanahy na aretim-po, tsy misy kilema na fahalemena izay mety atrehako sy atrehanao ety an-tany ka tsy efa niainan'ny Mpamonjy aloha. Ao anatin'ny fotoana mampahatrotraka antsika dia mety hiantsoantso isika hoe, 'Tsy misy mahafantatra hoe manao ahoana izany. Tsy misy afaka mahatakatra izany.' Kanefa ny Zanakalahin' Andriamanitra dia mahafantatra tanteraka sy mahatakatra tsara, satria efa nahatsapa sy nitondra ny enta-mavesatsika tsirairay Izy. Ary noho ny sorona tsy manam-petra sy mandrakizay nataony (jereo ny Almà 34:14), dia manana fangorahana tanteraka Izy ary afaka manolotra amintsika ny sandrin'ny famindram-pony. Afaka manolo-tanana Izy, mikasika, manampy, manasitrana ary mampatanjaka antsika mba hahatonga antsika ho lehibe kokoa noho izay azontsika ahatongavana ary hanampy antsika hanao izay tsy ho vitantsika mihitsy raha ny herintsika manokana no ianteherantsika" (David A. Bednar, "Mitondra mora foana ny enta-mavesany," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 90).



"Ny Sorompanavotana koa dia manome antsika hery hizakana 'fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany,' satria nentin'ny Mpamonjintsika teo Aminy koa 'ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony'(Almà 7:11). Ry rahalahy sy anabavy isany, raha toa ka tsy manasitrana ny fahoriana iray mianjady aminareo ny finoanareo sy ny vavakareo ary ny herin'ny fisoronana, dia azo antoka fa hanome anareo tanjaka hilanjana ny enta-mavesatra ny herin'ny Sorompanavotana" (Dallin H. Oaks, "He Heals the Heavy Laden," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2006, 9).

Asao ny mpianatra maromaro mba hizara andian-teny na hevi-baovao iray izay niavaka tamin'izy ireo sy hizara izay fahatakarana bebe kokoa entin'izany mikasika

ireo fitahiana afaka ny ho azontsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

- Tamin'ny fomba ahoana ianao na ny olona iray fantatrao no efa nahazo io karazana fanampiana sy tanjaka avy amin'ny Mpamonjy io?

Azonao atao ny mamarana amin'ny alalan'ny fizaranao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny hery ananan'ny Mpamonjy mba hampatanjaka antsika rehefa manatona Azy amim-pinoana isika.

### Fizarana 4 (5 minitra)

Atombohy amin'ny alalan'ny fanazavana fa olona maro eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, tafiditra ao anatin'izany ny Kristianina, no tsy mahatakatra fa i Jesoa Kristy dia manana vatana nofo sy taolana izay nitsangana tamin'ny maty. Asao ny mpianatra mba hieritreritra ny antony maha-zava-dehibe ny hoe nitsangana tamin'ny maty niaraka tamina vatana nofo tsy mety maty ve i Jesoa Kristy sa tsia.

Asao ny mpianatra hamaky mafy ny Lioka 24:36–39. Angataho ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra ampianarin'izany mikasika ny vatan'i Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty. Lazao azy ireo fa ny Lioka 24:36–39 dia andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana, ary amporisiho izy ireo mba hanisy marika izany amin'ny fomba miavaka izay hanampy azy ireo hahita izany.

- Araka io andinin-tsoratra masina io dia inona no nataon'ny Mpamonjy mba hijoroana ho vavolombelona tamin'ireo mpianany fa nitsangana tamin'ny maty niaraka tamin'ny vatana nofo feno voninahitra izy?

Asao ny mpianatra mba hanoratra ilay fotopampianarana hoe **Nitsangana avy tao am-pasana niaraka tamin'ny vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy tsy mety maty i Jesoa Kristy** ao anatin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Lioka 24:36–39.

### Fizarana 5 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezanteny milaza fotopampianarana manaraka ity sy ireto fanontaniana ireto:

> *Nitsangana avy tao am-pasana niaraka tamin'ny vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy tsy mety maty i Jesoa Kristy.*
>
> 1. *Nahoana i Jesoa Kristy no olona voalohany afaka nitsangana tamin'ny maty?*
> 2. *Inona no fiantraikan'ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty niaraka tamin'ny vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy tsy mety maty teo amin'ny olombelona rehetra?*


Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Zarao roa ny kilasy dia asaivo mamaky mangina ny andiam-pehezanteny faharoa ny antsasany anankiray

ka hitady ny valin'ny fanontaniana voalohany eo amin'ny solaitrabe. Asao ilay antsasany iray hafa hamaky mangina ny andiam-pehezanteny fahatelo ary hitady ny valin'ny fanontaniana faharoa eo amin'ny solaitrabe.

Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany, dia asao ireo nandalina ny fanontaniana voalohany mba hitatitra ny hevitra hitany. Dia asao ireo nandalina ny fanontaniana faharoa mba hitatitra ny zavatra nianarany.

### Fizarana 6 (5 minitra)

Mba hanampiana ny mpianatra hampitombo ny fahatakarany ilay fotopampianarana hoe i Jesoa Kristy dia nitsangana avy tao am-pasana niaraka tamin'ny vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy tsy mety maty, dia asehoy ity teny nambaran'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity na zarao ny tahadikan'izany. Asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy. Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra nolazain'ny Filoha Uchtdorf mikasika ny fiantraikan'ny fahitana an'i Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty teo amin'ireo Apôstôly fahiny.



"Difotry ny famoizam-po sy ny alahelo ary tsy afaka nahatakatra ny zava-nitranga ireo [Apôstôlin'ny Mpamonjy] nandritra ny ora maro taorian'ny Fanomboana Azy. Saingy nisy zava-niseho iray nanova izany rehetra izany. Niseho tamin'izy ireo ilay Tompony ary nanambara hoe, 'Izahao ny tanako sy ny tongotro fa Izaho no Izy' [Lioka 24:39].

"Rehefa nahafantatra ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty ireo Apôstôly—rehefa niaina ilay Fitsanganan'ilay Mpamonjy malalany tamim-boninahitra lehibe izy ireo—dia lasa lehilahy hafa mihitsy. Tsy nisy zavatra afaka nanakana azy ireo tsy hanatanteraka ny iraka nampanaovina azy ireo. … Nanova ny fiainan'ny olona na taiza na taiza izy ireo. Nanova izao tontolo izao izy ireo" ("Mahay mankasitraka na inona na inona toe-javatra misy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 76).

- Inona no fiantraikan'ny fahitana an'i Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty teo amin'ireo Apôstôly?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa i Jesoa Kristy dia nitsangana tamin'ny maty niaraka tamin'ny vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy tsy mety maty, hisy fiantraikany toy izany eo amin'ny fiainanao?

### Fizarana 7 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity: **Raha nanefa ny saran'ny fahotantsika i Jesoa Kristy dia tsy nanaisotra ny andraikitry ny tenantsika manokana Izy.** Angataho ny mpianatra mba hanazava ny dikan'izany amin'ny alalan'ny teniny manokana.

Asao ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ary hamaky ny andiam-pehezanteny fahadimy izay manomboka amin'ilay fehezanteny eny amin'ny solaitrabe. Amporisiho ny mpianatra mba hitady hevitra manan-danja ao

anatin'ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

- Inona ny andraikitsika manokana mba hahazoana mandray ireo fitahiana feno avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy? (Tsy maintsy mampihatra ny finoana Azy, mibebaka, atao batisa, mandray ny Fanahy Masina, ary maharitra hatramin'ny fiafaran'ny fiainantsika amim-pahatokiana isika.)

Hazavao fa ao anatin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 mitondra ny lohateny hoe, "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ireo fizarana hoe "Finoana an'i Jesoa Kristy," sy ny "Fibebahana" dia manampy antsika hahatakatra tsara kokoa ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ireo fitahiana misy noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny fizarana hoe "Finoana an'i Jesoa Kristy" ary mpianatra faharoa hamaky mafy ny fizarana hoe "Fibebahana." Angataho mba hanaraka ny vakiteny ny mpianatra sady hitady hevitra izay manan-danja amin'izy ireo mikasika ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hanekena ny sorona nataon'ny Mpamonjy. (*Fanamarihana:* Azonao atao ny manazava fa ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny fanajana ireo fanekempihavanana dia resahina ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 mitondra ny lohateny hoe: "Ôrdônansy sy fanekempihavanana.")

Rehefa vita ny famakiana ireo fizarana mikasika ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana dia asao ny mpianatra mba hizara fehezanteny milaza fotopampianarana sy hevi-baovao izay manan-danja amin'izy ireo.

## Fizarana 8 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity teny nambara tsy feno manaraka ity: *Ny finoana marina an'i Jesoa Kristy dia mitondra any amin'ny …*

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fizarana hoe "Finoana an'i Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ny fomba ahafahan'izy ireo mameno ilay teny nambara eny amin'ny solaitrabe.

- Ahoana no hamenoanao ilay teny nambara eny amin'ny solaitrabe? (Rehefa avy mamaly ny mpianatra, dia fenoy ilay teny nambara eny amin'ny solaitrabe mba hampitan'izany ity fotopampianarana manaraka ity: **Ny finoana marina an'i Jesoa Kristy dia mitondra any amin'ny fanaovana asa ary miseho amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika.**)
- Nahoana no tsy maintsy mifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompo ny finoana marina?
- Inona avy ireo ohatra ao amin'ny soratra masina izay maneho ny fomba nitarihan'ny finoana marina an'i Jesoa Kristy ny olona iray hanao asa tsara?

## Fizarana 9 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny *Jakoba 2:17–18*. Hazavao fa andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io, ary asao ny mpianatra mba hitady

izany ao anatin'ny soratra masiny sy hamaky mangina izany ary hanisy marika izany amin'ny fomba miavaka. Azonao atao koa ny manasa ny mpianatra mba hanoratra ity fehezanteny manaraka milaza fotopampianarana ity ao anatin'ny soratra masiny eo akaikin'ireo andinin-tsoratra masina ireo: *Ny finoana marina an'i Jesoa Kristy dia mitondra any amin'ny fanaovana asa ary miseho amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika.*

### Fizarana 10 (10 minitra)

Zarao ho vondrona ahitana mpianatra telo na efatra ireo mpianatra. Asao ny vondrona tsirairay mba hiaraka hamaky mafy ny Jakoba 2:17–18 ary hiomana hizara amin'ny iray kilasy ny valintenin'izy ireo amin'ireto fanontaniana manaraka ireto. (Azonao atao ny mampiseho ireo fanontaniana na manomana taratasy zaraina ho an'ny mpianatrao tsirairay.) Alohan'ny hamakian'ny mpianatra, dia mety hanampy ny fanazavana amin'ny iray kilasy fa ny teny hoe *asa* ao anatin'io andinin-tsoratra masina io dia ilazana asa tsara.

- Nahoana araka ny eritreritrao no "maty" ny finoana rehefa tsy misy asa (na asa tsara)?
- Inona avy ireo karazana asa atao izay tokony hiaraka amin'ny finoana marina an'i Jesoa Kristy?
- Ahoana no fomba ahafahanao mampianatra ity fifandraisana eo amin'ny finoana sy ny fanaovana zavatra mahasoa ity amin'ny ankizy anankiray dimy taona ao amin'ny kilonga mba hahafahany mahatakatra izany?

Rehefa avy nomena fotoana ampy, dia mangataha vondrona iray na roa mba hizara ny valintenin'izy ireo amin'ireo ny fanontaniana voalohany ary mangataha vondrona iray na roa hafa mba hizara ny heviny mikasika ny fanontaniana faharoa. Dia manasà vondrona iray farafahakeliny mba hampianatra ny fifandraisan'ny finoana sy ny asa amin'ny fomba entiny hampianarana izany amin'ny ankizy.

Aorian'ny fifanakalozan-kevitra ataon'ny iray kilasy dia azonao atao ny mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananaanao mikasika ny herin'ny fampiharana ny finoana ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny asa tsara ataontsika.

## Fampiharana (20 minitra)

Vakio amin'ny mpianatra ity toe-javatra manaraka ity:

Misy tovovavy Olomasin'ny Andro Farany iray manomboka manao safidy ary manao zavatra izay mifanohitra amin'ireo fitsipika sasany ao amin'ny Fiangonana, tafiditra ao anatin'izany ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Manamarina ny fihetsiny izy amin'ny alalan'ny filazana fa tsy misy olona lavorary izany ary mbola miangona sy manatrika seminera izy ary manohy ny finoany an'i Jesoa Kristy.

Asehoy eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto, na ataovy anaty taratasy zaraina izany dia asao ny mpianatra hifanakalo hevitra momba azy ireo ao anatina vondrona kely:

*Manao asa amim-pinoana:*

- Raha toa ka namanao io zatovovavy io dia ho amporisihinao hanao inona izy mba hampiharany ny finoany an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*

- Inona avy ireo fahamarinana mifandray amin'ny drafitry ny famonjena sy ny finoana an'i Jesoa Kristy izay afaka manampy io zatovovavy io hanombantombana tsara ny safidiny sy ny asa ataony?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Inona no soratra masina na fampianaran'ny mpaminany izay azonao zaraina mba hanampiana io zatovovavy io hahatakatra ny dikan'ny hoe mampiseho ny finoany an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny asany?

Mijoroa ho vavolombelona momba ilay fotopampianarana hoe ny finoana marina an'i Jesoa Kristy dia mitarika fanaovana asa ary aseho amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Hitombo ny fahatakaran'ny mpianatra ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana rehefa mamorona ny famantarany manokana ireo andinin-tsoratra masina izy ireo. Tafiditra ao anatin'ireo famantarana ireo ny fanontaniana na ny teny manan-danja na ny tantara na ny fampiharana. Asao ny mpianatra rehetra hiara-hiasa mitambatra na ao anatina vondrona kely maromaro mba hanoratra teny famantarana izay manondro andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana manokana. (Azonao atao ny mifidy andian'andinin-tsoratra masina izay tianao hianaran'ireo mpianatra na haveriny jerena.) Dia manasà mpianatra hifandimby hamaky aminao sy amin'ny mpianatra sisa ireo famantarana ampiasainy. Mahazo isa iray izay mahafantatra andinin-tsoratra fehezina mirakitra fotopampianarana anankiray—ianao na ny mpianatra.

# Ny Famerenana amin'ny Laoniny

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (40 minitra)

### Fizarana 1 (6 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: *Nahoana no nilaina ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara?* Asao ny mpianatra hifanakalo hevitra mikasika io fanontaniana io, dia angataho izy ireo hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Famerenana amin'ny laoniny" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ilay fizarana hoe "Apôstazia." Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra nitranga taorian'ny Fanomboana an'i Jesoa Kristy sy ny fahafatesan'ireo Apôstôliny.

- Inona no nitranga taorian'ny Fanomboana an'i Jesoa Kristy sy ny fahafatesan'ireo Apôstôliny? (Ampio ny mpianatra hitady ity fahamarinana mirakitra fotopampianarana manaraka ity: **Nitranga ny Apôstazia lehibe rehefa nanalavitra ireo fahamarinan'ny filazantsara ny olona ary rehefa nesorin'ny Tompo teto an-tany ny fahefana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana.**)
- Inona avy ireo olana sasantsasany voafaritra ao amin'io fizarana vao novakintsika io izay tafiditra tao anatin'ny Apôstazia Lehibe?

### Fizarana 2 (8 minitra)

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Famerenana amin'ny laoniny" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo vakin'izy ireo tsara ilay fizarana hoe "Apôstazia" dia averin'izy ireo ao an-tsainy ilay fotopampianarana hitany tany aloha mikasika ny Apôstazia Lehibe. Dia angataho izy ireo mba hitady ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay manohana io fotopampianarana io.

Asao ny mpianatra hijery ny ao amin'ny 2 Tesaloniana 2:1–3. Asao izy ireo hanisy marika io andinin-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka mba hahafahan'izy ireo mahita izany mora foana.

Hazavao fa nanoratra ity andinin-tsoratra masina ity i Paoly Apôstôly mba hampaherezana ireo mpikamban'ny Fiangonana izay niahiahy hoe mety efa nitranga ny Fiaviana Fanindroany na efa hitranga. Manasà mpianatra iray hamaky mafy ilay andinin-tsoratra masina. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra nolazain'i Paoly fa hitranga alohan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.


- Inona no nolazain'i Paoly fa hitranga alohan'ny Fiaviana Fanindroany?
- Inona araka ny eritreritrao no tian'i Paoly holazaina amin'ilay hoe "fihemorana" (2 Tesaloniana 2:3)?

Hazavao raha ilaina fa ilay hoe "fihemorana" dia ilay Apôstazia Lehibe izay hiseho aorian'ny fahafatesan'ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy.

- Inona no mety fanampiana azon'ireo mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny andron'i Paoly tamin'ny alalan'io fanazavana io?
- Nahoana no zava-dehibe amintsika amin'izao fotoana izao ny mahatakatra fa efa nitranga ilay "fihemorana" nolazain'i Paoly Apôstôly mialoha?

## Fizarana 3 (6 minitra)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra tsara kokoa ilay fahamarinana hoe nitranga ny Apôstazia lehibe rehefa nanalavitra ireo fahamarinan'ny filazantsara ny olona ary rehefa nesorin'ny Tompo teto an-tany ny fahefana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana, dia angataho ny mpianatra iray mba hamaky mafy ity teny nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



"Ny tena anaran'ny Fiangonana dia hoe Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Io ilay Fiangonan'i Jesoa Kristy tany am-piandohana izay naverina naorina indray. Nanorina ny Fiangonany Izy fony niaina tety an-tany. Niantso Apôstôly, Fitopololahy sy mpitarika hafa Izy izay nomeny fahefana hiasa amin'ny Anarany [jereo ny Matio 10:1; Lioka 6:13; 10:1; Efesiana 4:11–12]. Taorian'ny nahafatesan'i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôliny dia novain'ny olona ireo ôrdônansy sy ny fotopampianarana. Very tamin'izany ilay Fiangonana tany am-boalohany sy ny fisoronana. Taorian'ny Vanimpotoan'ny Haizina, dia namerina ny Fiangonany indray i Jesoa Kristy, teo ambany fitarihan'ny Ray any an-danitra. Ankehitriny dia velona indray izany, naverina tamin'ny laoniny, ary miasa eo ambanin'ny fitarihany masina [jereo ny F&F 1:30]" ("Anontanio ireo misiônera! Afaka Manampy Anao Izy Ireo!" *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2012, 18).

- Araka ny nolazain'ny Filoha Nelson dia nahoana no nilaina ny Famerenana amin'ny laoniny?
- Inona no fanampiana azontsika avy amin'ny fahalalana ny Apôstazia Lehibe mba hahatonga antsika hankasitraka ny maha-zava-dehibe Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany?

## Fizarana 4 (8 minitra)

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny andiam-pehezanteny telo voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 mitondra ny lohateny hoe: "Ny Fameranana amin'ny laoniny," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho hanaraka ny vakiteny ny mpianatra, ka hitady ireo zava-niseho izay nitondra tany amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara tamin'ny andro farany. Angataho ny mpianatra mba hizara ny sasany amin'ireo zava-nitranga manan-danja hitany.

Hazavao ity fotopampianarana manaraka ao amin'ny andiam-pehezanteny voalohany ity: **Nanambara mialoha ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany ireo mpaminany fahiny.** Asao ny mpianatra mba hanoratra io fahamarinana io ao anatin'ny soratra masiny eo akaikin'ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay manohana izany, ny Asan'ny Apostoly 3:19–21.

- Nahoana araka ny eritreritrao no nanambara tamin'ireo mpaminaniny fahiny ny Tompo hoe hisy ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny andro farany ary nandidy azy ireo mba haminany mikasika izany?

### Fizarana 5 (12 minitra)

Asao ny mpianatra mba hanisy marika amin'ny fomba miavaka ny Asan'ny Apostoly 3:19–21 toy ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Hazavao fa nanasitrana lehilahy nalemy tongotra na tsy afaka nandeha izay teo akaikin'ny tempoly tany Jerosalema i Petera sy i Jaona Apôstôly. Niparitaka haingana ny vaovao mikasika ilay fahagagana ka nampitangorona olona maro ary tao anatin'izany ireo olona sasany izay nandà an'i Jesoa Kristy teo aloha. Manasà mpianatra iray hamaky mafy ilay andinin-tsoratra masina. Asao hanaraka ny vakiteny ny iray kilasy ka hitady ny zavatra natoron'i Petera Apôstôly mba hataon'ny olona nitangorona teo.

- Inona no hafatra nampitain'i Petera tamin'ny olona?

Mety hanampy ny fanazavana fa ilay fehezan-teny hoe "mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo; ary mba hanirahany ny Kristy" ao amin'ny andininy 19–20 dia ilazana ilay fotoan'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany rehefa "hohavaozina ny tany ka handray ny voninahitry ny paradisany" (Fanekem-pinoana 1:10).

Hazavao fa araka ny Asan'ny Apostoly 3:21, dia naminany i Petera fa hitoetra any an-danitra i Jesoa Kristy "mandra-piavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra." Ilay andian-teny hoe "Andro fampodiana ny zavatra rehetra" dia ilazana ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany.

- Araka ny voalazan'ny andininy 21 dia iza koa ny olona ankoatra an'i Petera izay niresaka mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany?
- Oviana no nanomboka nihatanteraka ny faminanian'i Petera? (Tamin'ny nisehoan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy tamin'i Joseph Smith tao amin'ilay Ala kely Masina.)

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa ireo mpaminanin'ny Tompo nanditra ireo vanimpotoana maro samihafa dia naminany mikasika ity fotoana iainantsika ity ary niandrandra ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny sy ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany.

## Fampiharana (25 minitra)

Ampio ny mpianatra hampihatra ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy araka izay ifandraisany amin'ny lohahevitry ny Famerenana amin'ny laoniny: fanaovana asa amim-pinoana sy famakafakana ireo hevi-dehibe sy

fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Azo tanterahina ao anatin'ny fotoam-pianarana iray ity asa atao manaraka ity na zarazaraina mba ho tanterahina ao anatin'ireo fotoam-pianarana manaraka, fa miankina amin'ny fandaharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

Zarao tsiroaroa ny mpianatra ary omeo ny tahadikan'ity torolalana manaraka ity ny ekipa tsirairay. (Mba hanampiana ireo mpianatra hanomana ny valin'ireo fanontaniana mikasika ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra dia asehoy azy ireo ny fomba fijerena soratra masina sy fampahalalana hafa mikasika ny apôstazia sy ny Famerenana amin'ny laoniny ao amin'ny Torolalana ho an'ny ny Soratra Masina. Azonao atao koa ny mampiseho azy ireo ny fomba ahitana lahateny nataon'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana mikasika an'ireo lohahevitra ireo amin'ny alalan'ny fikarohana ao amin'ny LDS.org.)

Iaraho mamaky ity toe-javatra manaraka ity, dia ifanakalozy hevitra ireo fanontaniana aorian'ny fitsipika tsirairay. Mivonòna hanampy ilay namana resahina ao amin'ilay toe-javatra mba hahatakatra ny fomba fanaovana asa amim-pinoana sy famakafakana ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. (Hanana fahafahana ianareo any aoriana hilalao an-tsehatra io toe-javatra io miaraka amin'ny mpianatra anankiroa hafa.)

Maro amin'ireo namanao no tsy mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Indray andro, raha nanazava mikasika an'i Joseph Smith sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara ianao dia nanontany ny iray tamin'ireo namanao izay mpino Kristianina avy amin'ny antokom-pinoana iray hafa hoe: "Nahoana Andriamanitra no nila niseho tamin'i Joseph Smith nefa efa eto amin'izao tontolo izao ny finoana Kristianina ary olona maro no mino ny Baiboly?"

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Ahoana no fomba ahafahanao mampiasa ireo fotopampianarana sy andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nohalalinintsika mba hanampiana ilay namanao hahazo fahatakarana bebe kokoa raha ny mikasika io fanontaniana io?
- Inona avy ireo loharanom-pahalalana fanampiny nofidin' Andriamanitra, miaraka amin'ny soratra masina, izay azonao amporisihana ny namanao mba hovakiny mba hahazoana fahatakarana bebe kokoa?

*Mamakafaka ny fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Rehefa mandinika ny finoan'ilay namanao an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy ianao dia ahoana no ahafahanao manampy azy hamakafaka ilay fanontaniana amin'ny fomba fijery mifototra amin'ny zavatra fantany mikasika ny fomba nanalaviran'ny zanak' Andriamanitra ny fahamarinana tamin'ny fotoana hafa tany aloha tany? (Ohatra, azonao resahina ny fomba nanalaviran'ny olona ireo fampianaran'ny mpaminany toa an'i Noà sy i Mosesy.)
- Ahoana no ahafahanao mamporisika ilay namanao handinika ny zavatra fantany sy inoany momba an' Andriamanitra sy ny faniriany hampianatra ny zanany rehefa mamakafaka ilay fanontaniana?

*Manao asa amim-pinoana:*

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ilay namanao mampihatra finoana an' Andriamanitra mba hianarany fahamarinana?
- Inona no zavatra azonao hanasana na hamporisihana ilay namanao mba hataony ka hanamafy orina ny finoany?

Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany, dia alamino ny iray kilasy mba hahafahan'ny ekipa tsirairay misy mpianatra tsiroaroa hiara-hiasa amin'ny ekipa iray hafa. Asao ny ekipa iray misy mpianatra roa mba hilalao an'ilay namana manana fanontaniana ary ny ekipa iray hafa mba hamaly araka ny zavatra nifanakalozan'izy ireo hevitra rehefa nampiasa ireo fitsipika telo. Rehefa nanana fahafahana namaly ny ekipa iray dia asao mba hifamadika anjara asa ny ekipa anankiroa.

Asao ny mpianatra maromaro hizara zavatra iray nianarany na tsapany avy amin'ny fifanakalozan-kevitra sy ny filalaovana an-tsehatra nataony. Farano amin'ny fanomezana fahafahana ny mpianatra vitsivitsy mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsara tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith izany.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Avereno dinihina miaraka amin'ny mpianatra mandritra ireo fotoam-pianarana manaraka ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mba hanampiana azy ireo hahatadidy sy hanana fahafahana hampiasa azy ireo. Mitadiava fotoana ahafahana mamerina mandinika ireo andinin-tsoratra masina ireo mandritra ny taom-pianarana. Azonao ampiasaina ny asa atao anankiray toy ity manaraka ity:

Zarao tapa-taratasy tsy misy soratra ny mpianatra. Asao ny mpianatra mba hifidy andinin-tsoratra masina fehezina maro mirakitra fotopampianarana izay nohalalinin'izy ireo hatreto nandritra ity taona ity dia hanoratra ny boky sy toko ary ny andinin'izany soratra masina izany eo amin'ny tapa-taratasy tsirairay. Asaivo soratan'ny mpianatra ao ambadik'ilay taratasy ny andian-teny manan-danja iray na teny famantarana hafa izay afaka manampy eo amin'ny fitadiavana ilay andinin-tsoratra masina. (Omena eo amin'ny karatra fanamariham-pejy misy fotopampianarana fehezina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana.)

Zarao ho vondrona misy mpianatra roa na telo ireo mpianatra. Asao ny mpianatra hampiasa ireo tapa-taratasy namboariny mba hitsapana ny fahaizan'ny mpianatra hafa na ireo mpianatra ao amin'ny vondrona misy azy ireo. Afaka mampiseho ilay faritry ny tapa-taratasy misy ilay boky sy toko sy andininy ny mpianatra, dia manontany ny mpianatra hafa mba hamantatra ilay andinin-tsoratra masina, na afaka mampiseho ilay andian-teny manan-danja izy ireo dia manontany ny mpianatra hafa mba hamantatra ilay boky sy ny toko ary ny andininy na ireo andininy angamba izay ahitana ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana.

Any amin'ny faran'ilay asa atao dia azonao atao ny manao fitsapam-pahazaina am-bava na an-tsoratra ho an'ny mpianatra mba hampifanaraka ireo boky sy toko ary andininy ho an'ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana amin'ireo andian-teny manan-danja any amin'izy ireo.

# Mpaminany sy Fanambarana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (50 minitra)

### Fizarana 5 (10 minitra)

Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ny Efesiana 2:19–20 sy ity fehezanteny milaza fotopampianarana manaraka ity: Nandritra ny asa fanompoany teto ambonin'ny tany ary amin'izao androntsika izao indray dia nanangana ny Fiangonany teo ambonin'ny fototry ny mpaminany sy ny apôstôly ny Tompo.

Resaho ilay andian-teny hoe "fehizoro indrindra" ao amin'ny andininy 20. Hazavao fa noho Izy Fehizoro indrindra dia manohy mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ny mpaminaniny sy ny apôstôliny i Jesoa Kristy. Manambara lalàna ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra Izy ary mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ireo mpanompo voatendry ireo. Ireo lalàn' Andriamanitra dia ahitana fotopampianarana, fitsipika, didy, ôrdônansy, ary fanekempihavanana, ary anisan'izany koa ireo fitsipika mifehy ny Fiangonana sy ny fomba fanao izay ampahafantariny amin'ny alalan'ny mpaminaniny.

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto manaraka ireto:

1. *Lalàna mandrakizay*
2. *Lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana*

Hazavao fa ny lalàna sasany nambaran'ny Tompo dia mandrakizay, toy ireo izay miaraka amin'ny drafitry ny famonjena. Tsy miova ireo lalàna ireo. Indraindray anefa ny Tompo dia mety manantitrantitra lalàna mandrakizay sasany noho ireo fiovana misy eo amin'ny fiarahamonina sy ny zavatra ilain'ny Fiangonany na izao tontolo izao. Manorata hoe *tsy miova* eo akaikin'ny hoe "Lalàna mandrakizay" eo amin'ny solaitrabe.

Hazavao fa misy ihany koa lalàna ao amin'ny Fiangonana izay mety hiova rehefa manome didy amin'ny alalan'ny mpaminaniny ny Tompo. Tafiditra ao anatin'izany ireo lalàna izay mitarika ny fitantanan'ny fisoronana ny filazantsara sy ireo ôrdônansy ao anatin'izany ary ireo lalàna mifandray amin'ny fandaminana sy ny fitantanana ny Fiangonan'ny Tompo sy ny vahoakany. Ny sasany amin'ireo lalàna ireo dia mety antsoina ihany koa hoe fitsipika mifehy ny Fiangonana na fomba fanaon'ny Fiangonana. Rehefa miara-mikatsaka ny fitaomam-panahy sy ny torohevitra avy amin'ny Tompo ireo mpaminany sy apôstôly dia mety hanisy fanovana amin'ireo lalàna ireo araka ny sitrapon'ny Tompo izy ireo. Ireo fanovana

ireo dia mamela ny Fiangonana hitombo amim-pilaminana manerana izao tontolo izao sy ho afaka hiaina ao anatin'ireo toe-javatra sy filàna miovaova eto an-tany. Manorata hoe *mety hiova* eo akaikin'ny hoe "Lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana" eo amin'ny solaitrabe.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny fahasamihafan'ny lalàna mandrakizay sy ny lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana dia vakio mafy ireto ohatra manaraka ireto dia anontanio ny mpianatra izay heverin'izy ireo fa haseho amin'izany:

1. Hatramin'ny taona 70 dia najoro tao anatin'ireo tsatòka manerana ny Fiangonana ireo kôlejin'ny Fitopololahy, ary ireo lehilahy voatendry tao amin'ny anjara fanompoan'ny Fitopololahy dia niasa teo anivon'ny faritra nisy azy ireo. Tany amin'ny taona 1975 dia nanavao indray sy nanitatra ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy ho kôlejin'ny Manampahefana Ambony ny Filoha Spencer W. Kimball. (Lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana.)
2. Ilaintsika ny finoana sy ny fibebahana mba hivoarana sy hahatongavana tahaka ny Raintsika any An-danitra. (Lalàna mandrakizay.)
3. Tamin'ny 1990 dia nampitovian'ny Fiangonana ny vola aloa isam-bolana takina amin'ny fandaniana mifandray amin'ny asa fanompoana ho an'ireo misiônera tokan-tena manao asa fanompoana amin'ny fotoana feno na aiza na aiza no iantsoana azy ireo mba hanompo. Talohan'izany dia tsy nitovy ny vola naloan'ireo misiônera arakaraky ny vidim-piainana any amin'ilay faritra voafaritra manokana eto amin'izao tontolo izao izay hanendrena azy ireo hanompo. (Lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana.)

Manaraka izany dia zarao ho lasa vondrona kely maromaro na zarao tsiroaroa ny mpianatra dia omeo ny tahadikan'ity fitsapam-pahaizana manaraka ity ny mpianatra tsirairay. Angataho izy ireo hiara-hiasa sy hamita ilay asa fampifandraisana.

Ho an'ny fehezanteny tsirairay dia fantaro raha ohatra ka iray amin'ny (A) lalàna mandrakizay izany (izay tsy miova) na (B) lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny Fiangonana (izay mety hiova).

______ 1. Ho an'ireo rehetra izay tompon'andraikitra dia takina ny batisa asitrika sy ny fandraisana ho mpikambana mba hidirana ny fanjakan' Andriamanitra.

______ 2. Teo ambanin'ny lalàn'i Mosesy dia ireo lehilahy tao amin'ny fokon'i Levy irery ihany no voatendry ho amin'ny Fisoronana Aharôna.

______ 3. Talohan'ny 1896 dia natao isaky ny alakamisy fa tsy isaky ny alahady ny fivoriana fifadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona isam-bolana.

______ 4. Nanomboka tany amin'ny 1850 tany ka hatramin'ny 1978 dia tsy notendrena ho amin'ny fisoronana ireo lehilahy taranaka Afrikana mainty hoditra.

______ 5. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanamafy indray ireo fahamarinana mifandray amin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana rehefa namoaka ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao" izy ireo.

______ 6. Tamin'ny 2012 ny Filoha Thomas S. Monson dia nanambara fa ny taona farany ambany hanaovana ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia 18 taona ho an'ireo zatovolahy ary 19 taona ho an'ireo zatovovavy.

______ 7. Tamin'ny 2015 ireo mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampitandrina ny mpikamban'ny Fiangonana mba hanao ho laharam-pahamehana ny fitandremana ny andro Sabata araka ny tokony ho izy.

Iaraho manitsy amin'ny mpianatra rehetra ilay fitsapam-pahaizana mba hahafahanao mamaly fanontaniana na manome fanazavana bebe kokoa, ary asao ny mpianatra hizara ohatra hafa izay tonga ao an-tsainy amin'ireo sokajin-dalàna roa ireo. (Ny valiny dia hita any amin'ny faran'ity traikefa amin'ny fianarana ity.)


- Manampy antsika hahatakatra ny antony ilana mpaminany izay afaka manambara ny sitrapon'ny Tompo amin'ny fomba ahoana ny fahatakarana ny fahasamihafana eo amin'ireo lalàna mandrakizay, izay tsy miova, sy ireo lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny fiangonana, izay mety hiova?

## Fizarana 6 (5 minitra)

Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ny Efesiana 2:19–20 sy ity fehezanteny milaza fotopampianarana manaraka ity: Nandritra ny asa fanompoany teto ambonin'ny tany ary amin'izao androntsika izao indray dia nanangana ny Fiangonany teo ambonin'ny fototry ny mpaminany sy ny apôstôly ny Tompo.

Ampahatsiahivo ny mpianatra ny zavatra noresahina tao amin'ilay fizarana teo aloha: ireo lalàna mandrakizay, izay tsy miova, sy ireo lalàna mifehy ny fitantanan'ny fisoronana sy ny fitantanana ny fiangonana, izay mety hovain'ireo mpaminanin'ny Tompo rehefa miara-mikaon-doha sy mikatsaka fitarihana avy amin'ny Tompo izy ireo.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino ireo antsipiriany mikasika ny fomba hikatsahan'ny mpaminany fitarihana sy fanambarana avy amin'ny Tompo.



"Manohana lehilahy 15 izay notendrena ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara isika. Rehefa mitranga ny olana sarotra—ary toa mihasarotra hatrany izany isan'andro—dia mitolona mba hamahana ilay olana ireo lehilahy 15 ireo, miezaka mijery ireo mety ho vokatry ny asa maro samihafa, ary mikatsaka amim-pahazotoana ny haheno ny feon'ny Tompo izy ireo. Rehefa avy mifady hanina, mivavaka, mandalina, misaintsaina, ary mikaon-doha miaraka amin'ireo Rahalahiko mikasika ireo olana tena goavana aho dia mazàna no tsy matory mandritra ny alina ka mahazo fahatsapana bebe kokoa mikasika ireo olana izay mampiasa saina anay. Ary miaina zavatra toy izany koa ireo Rahalahiko.

"Mikaon-doha sy mifampizara izay rehetra asain'ny Tompo takarinay sy tokony ho tsapanay, tsirairay na miaraka, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Dia mijery ny Tompo mitaona fanahy ny Filohan'ny Fiangonana mba hanambara ny sitrapon'ny Tompo izahay avy eo.

"Narahina izany lamina eo amin'ny faminaniana izany tamin'ny taona 2012 rehefa niova ny taona ambany indrindra takina ho an'ireo misiônera, ary natao indray izany tamin'ireo fanampiana natao tao amin'ny boky torolalan'ny Fiangonana, taorian'ny fanomezan-dalana ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy tany amin'ny firenena sasany. Rehefa feno fangorahana ho an'ny olona rehetra, ary indrindra ho an'ireo ankizy izahay dia niezaka be hahatakatra ny sitrapon'ny Tompo amin'izany olana izany. Noho izahay mahafantatra hatrany ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra sy ny fanantenany ny hahazoan'ny tsirairay amin'ny zanany ny fiainana mandrakizay dia nosaintsaininay ireo fivadibadihan-javatra sy fitambaran-javatra mety hiseho. Niverimberina nihaona tao amin'ny tempoly sady nifady hanina no nivavaka ary nikatsaka torolalana sy fitaomam-panahy bebe kokoa izahay. Dia rehefa notaomin'ny Tompo ny fanahin'ny mpaminaniny, ny Filoha Thomas S. Monson, mba hanambara ny hevitry ny Tompo sy ny sitrapon'ny Tompo dia nahatsapa fanamafisana avy amin'ny fanahy ny tsirairay taminay nandritra izany fotoana masina izany. Voninahitra ho anay amin'ny maha-Apôstôly anay ny nanohana izay nambara tamin'ny Filoha Monson. Lamina masina ny fanambarana avy amin'ny Tompo ho an'ny mpanompony, dia tombontsoa ho anareo torak'izany koa ny hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana" ("Ho tena zanaky ny Arivo Taona" [Fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 10 jan. 2016], broadcasts.lds.org).

- Inona no nianaranareo mikasika ilay dingana izay arahan'ireo mpaminany sy apôstôly mba hahazoana fanambarana hitarihana ny Fiangonana?
- Manampy antsika amin'ny fomba ahoana io fahalalana mikasika ny fomba fiomanan'ny mpaminany handray fanambarana io rehefa mety manana fanontaniana mikasika ireo fampianarana na ireo fomba fanaon'ny Fiangonana isika? (Afaka mahafantatra isika fa nikatsaka tamim-pitandremana tokoa ka naharay ny sitrapon'ny Tompo ireo mpaminany, ary afaka manaraka ny ohatr'izy ireo isika mba hanomana ny fontsika handray fanambarana manamafy izany.)

Asao ny mpianatra hisaintsaina zavatra niainana izay nanampy azy ireo hahafantatra fa ny mpaminany dia voantson' Andriamanitra mba hilaza ny teniny sy hitarika ny Fiangonany. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra niainany amin'ny iray kilasy. Azonao atao koa ny mizara ny zavatra niainanao sy ny fijoroana ho vavolombelona ananao.

## Fampiharana (45–60 minitra)

Ampio ny mpianatra hampihatra ka hampiasa ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy izay mifandray amin'ilay lohahevitra ara-potopampianarana hoe "Mpaminany sy Fanambarana": manao asa amim-pinoana sy mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Ireo fampiasana ato amin'ity fizarana ity dia azo tanterahina ao anatin'iny fotoam-pianarana iray ihany na ao anatin'ireo fotoam-pianarana hafa, fa miankina amin'ny fandaharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

### Fampiasana 2 (10–15 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fitsipika telo manaraka ireto:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Vakio mafy amin'ny mpianatrao ity toe-javatra manaraka ity:

Manana namana iray ao amin'ny kôlejy na kilasy misy anao ianao izay manomboka tsy manatrika ny Fotoana Ifampizarana sy ireo fivoriam-piangonana isaky ny Alahady. Nanapa-kevitra ianao fa hiresaka aminy mikasika izany. Dia namaly ilay namanao hoe: "Hitanao! manomboka manontany tena aho hoe nahoana no ilaina ny mandeha any amin'ny fiangonana iray manokana. Misy olona tsara maro eto an-tany izay tsy mandeha any amin'izay fiangonana mety misy na dia ny antsika aza. Mihevitra aho fa raha miaina fiainana tsara ary tsara fanahy amin'ny hafa izy ireo, dia ho tafiditra any an-danitra ihany."

- Inona avy ireo karazana fotopampianarana mikasika ny mpaminany sy ny fanambarana izay afaka manampy ilay namanao hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana amim-pahatokiana ireo fivoriam-piangonana?
- Inona no azonao atao mba hanampiana ilay namanao hanao asa amim-pinoana sy hamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary hikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra, mba hahatakarana bebe kokoa ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana ireo fivoriam-piangonana?

## Fampiasana 3 (15–20 minitra)

*Fanamarihana:* Ity fampiharana ity dia natao mba hanampiana ny mpianatra hampihatra ny fotopampianarana nohalalinin'izy ireo tao amin'ny fizarana 5 sy 6 ao amin'ny fizarana hoe "Manakatra ny fotopampianarana" ato amin'ity traikefa amin'ny fianarana ity.

Ampahatsiahivo ny mpianatra ireo fitsipika hahazoana fahalala ara-panahy: manaova asa amim-pinoana sy mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. (Azonao atao ny manoratra ireo fitsipika ireo eny amin'ny solaitrabe.)

Vakio mafy ity toe-javatra mety hitranga ity:

Nandritra ny fiaraha-misakafo iray nataon'ny fianakaviana dia nilaza ny heviny ny dadatoanao fa, raha misy tsindry mafy avy amin'ny fiarahamonina, ny hevitry ny Fiangonana amin'izao fotoana izao mikasika ny olana iray eo amin'ny fiarahamonina dia hiova amin'ny ho avy mba hifanaraka bebe kokoa amin'ny hevitry ny fiarahamonina. Mba hanohanany ny heviny dia nilaza izy fa niova hevitra ny Fiangonana mikasika ny fanaovana fanambadiana maro sy tamin'ny

famelana ireo mpikambana taranaka Afrikana mainty hoditra mba hihazona ny fisoronana sy handray ireo ôrdônansin'ny tempoly. Nilaza hevitra hafa mikasika izany raharaha izany ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviana. Hatramin'ny nanaovana io resaka io dia nanontany tena ianao raha marina ny nolazain'ny dadatoanao, ary nisaintsaina ity fanontaniana manaraka ity ianao: *Nahoana ny Fiangonana indraindray no toa manaiky ny tsindrin'ny fiarahamonina ka manova ireo fitsipika mifehy azy?* (Soraty eo amin'ny solaitrabe io fanontaniana io.)

Mba hanampiana ny mpianatra hanao andrana hampihatra ireo fitsipika hahazoana fahalalana ara-panahy sy ilay fotopampianarana nampianarina tao amin'ny Efesiana 2:19–20 dia omeo ny tahadikan'ity taratasy zaraina manaraka ity ny mpianatra tsirairay ary asao izy ireo hanoratra ny valinteniny ho an'ireo fanontaniana.

*Manao asa amim-pinoana:*

- Inona no efa fantatrao momba ireo mpaminany sy ny fomba fikatsahan'izy ireo fanambarana?
- Inona no zavatra niainanao ka nanamafy fa mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanambarana amin'ny mpaminaniny ny Tompo?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Amin'ny fomba ahoana no mety hanamboaranao ilay fanontaniana eo amin'ny solaitrabe mba hijerena izany amin'ny fomba fijery araka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny drafitry ny famonjena?
- Inona avy ireo mety ho antony hitondran'i Jesoa Kristy fanovana, amin'ny alalan'ireo mpaminaniny, eo amin'ireo fitsipika mifehy sy ireo fomba fanaon'ny Fiangonana?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Inona avy ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra azonao ampiasaina mba hahitana fanazavana mikasika ny fomba nitondrana ireo fanovana teo amin'ny fanaovana fanambadiana maro sy ny fanakanana ireo mpikambana taranaka Afrikana mainty hoditra tamin'ny fanendrena ho amin'ny fisoronana sy ny fanaovana ny ôrdônansin'ny tempoly.

Raha toa ny mpianatra ka mila fanampiana eo amin'ny fitadiavany loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra dia tariho izy ireo hikaroka ao anatin'ireto loharano manaraka ireto:

- Filazana ôfisialy 1 (tafiditra ao anatin'izany ny teny fampidirana ao amin'ny edisiônan'ny soratra masina tamin'ny taona 2013)
- "The Manifesto and the End of Plural Marriage," [Ilay Manifesto sy ny Fiafaran'ny Fanambadiana Maro] (LDS.org)
- Filazana ôfisialy 2 (tafiditra ao anatin'izany ny teny fampidirana ao amin'ny edisiônan'ny soratra masina tamin'ny taona 2013)
- "Race and the Church: All Are Alike unto God [Ny firazanana sy ny Fiangonana: mitovy avokoa ny olona rehetra ho an' Andriamanitra]" (mormonnewsroom.org)
- "Race and the Priesthood [Ny firazanana sy ny fisoronana]" (topics.lds.org)

- "Elder Dallin H. Oaks' Reaction to Priesthood Revelation [Ny hevitry ny Loholona Dallin H. Oaks manoloana ny Fanambarana ny Fisoronana]" (mormonnewsroom.org)

Manasà mpianatra vitsivitsy hizara amin'ny iray kilasy ny zavatra izay nosoratany. Raha mbola ampy ny fotoana dia azonao atao ny mizara ny mpianatra ho tsiroaroa dia manasa azy ireo hilalao an-tsehatra ny fomba azon'izy ireo hamaliana izany raha mitranga indray ilay olana.

*Valin'ilay asa natao tao anatin'ilay taratasy nozaraina:* (1) A; (2) B; (3) B; (4) B; (5) A; (6) B; (7) A.

# Fisoronana sy Fanalahidin'ny Fisoronana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (20 minitra)

### Fizarana 1 (7 minitra)

Mihazòna fanalahidy iray na manaova sarina fanalahidy iray eny amin'ny solaitrabe, dia angataho ny mpianatra mba hanazava hoe inona no ampiasana izany. Hazavao fa nampiasa ilay fifanahafana mikasika ny fanalahidy ny Tompo mba hanampiana antsika hahatakatra ny fomba fitarihany sy fitantanany ny fisoronana sy ny asany ety an-tany.

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny lohahevitra ara-potopampianarana 6 mitondra ny lohateny hoe "Fisoronana sy Fanalahidin'ny Fisoronana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hanipika ireo fehezanteny milaza fotopampianarana izay manampy azy ireo hahatakatra hoe inona no atao hoe fanalahidin'ny fisoronana ary inona no ifandraisan'izy ireo amin'ny herin'ny fisoronana.

- Inona no hamaritana ny fisoronana?
- Inona avy ireo fehezanteny milaza fotopampianarana hitanao izay manazava ny atao hoe fanalahidin'ny fisoronana? (Azon'ny mpianatra atao ny mifanakalo hevitra mikasika ireo fehezanteny milaza fotopampianarana avy ao amin'ny zavatra novakin'izy ireo. Rehefa avy mamaly izy ireo dia asao mba hanisy marika ity fotopampianarana manaraka ao amin'ny andiam-pehezanteny fahatelo ity: **Ny fanalahidin'ny fisoronana no zon'ny fiadidiana, na ny fahefana nomen' Andriamanitra ny olona mba hitantanany sy hitarihany ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.**)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra tsara kokoa ity fotopampianarana ity, dia asao izy ireo hampiasa ny zavatra nasiany marika ao anatin'io lohahevitra ara-potopampianarana io rehefa mifanakalo hevitra mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no fifandraisana hitanao eo amin'ireo fanalahidin'ny fisoronana sy ireo ôrdônansy?
- Inona avy ireo ôrdônansin'ny fisoronana izay tsy maintsy ahazoana lalana avy amin'ireo olona mihazona ny fahefan'ny fisoronana mifanaraka amin'izany?

Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ireo ôrdônansy ahazoana famonjena (tafiditra ao anatin'izany ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena ho amin'ny Fisoronana Melkizedeka [ho an'ny lehilahy], ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ny famehezana any amin'ny tempoly) dia mitaky

fahazoan-dalana avy amin'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana izay mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana mifanaraka amin'izany na manatanteraka asa eo ambany fitarihan'ny olona iray izay mihazona ireo fanalahidy ireo (jereo koa ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 mitondra ny lohateny hoe: "Ôrdônansy sy Fanekempihavanana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*). Ny fanomezana lalana toy izany dia takina ihany koa ho an'ny fanomezana anarana sy ny fitsofandrano ny zaza, ny fanokanana fasana, ny fanomezana ny tsodranon'ny patriarika, ary ny fanomanana sy ny fanamasinana ary ny fizarana ny fanasan'ny Tompo. Ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka anefa dia afaka manamasina ny menaka, mametra-tanana amin'ny marary, manome tsodranon'ny raim-pianakaviana, ary manome ireo tsodrano hafa entina mampahery sy manome torohevitra kanefa tsy mila mangataka fanomezan-dalana avy amin'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana mialoha ny hanaovana izany.


- Inona no fifandraisana misy eo amin'ireo antso ao amin'ny Fiangonana, ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy, sy ny anjara asan'ireo fanalahidin'ny fisoronana?

## Fizarana 2 (7 minitra)

Avereno dinihina miaraka amin'ny mpianatra ity fotopampianarana manaraka ity: Ny fanalahidin'ny fisoronana no zon'ny fiadidiana, na ny fahefana nomen' Andriamanitra ny olona mba hitantanany sy hitarihany ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra lalina io fahamarinana io, dia angataho izy ireo mba haka sary an-tsaina fa nomena fiara iray izy ireo izay mila fanalahidy ny famelomana azy saingy tsy nomena fanalahidy izy ireo.

- Nahoana ianao no mila fanalahidy nefa efa eo am-pelatananao ny fiara? (Na dia efa eo am-pelatanan'izy ireo aza ilay fiara, dia ilaina ny fanalahidy mba hamelomana ny fiarakodia sy hampandehanana ilay fiara.)
- Inona no mety ifandraisan'io fifanahafana io amin'ny filàna ireo fanalahidin'ny fisoronana mba hitantanana ny asan'ny fisoronana sy ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany?

Asehoy ity fanazavana manaraka mikasika ireo fanalahidin'ny fisoronana ity izay nolazain'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo na zarao ny tahadikan'izany. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fanazavan'ny Filoha Nelson. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hikaroka ny fomba namaritan'ny Filoha Nelson ireo fanalahidin'ny fisoronana.



"Manan-danja sy sarobidy ny fanalahidy. Ny ankamaroantsika dia mitondra fanalahidy any anaty paosintsika na paoketrantsika na aiza na aiza alehantsika. Ny fanalahidy sasany dia tsy hoe manan-danja sy sarobidy fotsiny fa saro-pady sy mahery vaika ary tsy hita maso izy ireo! Manana lanjany mandrakizay izy ireo. Izany dia ireo fanalahidin'ny fisoronana. …

"Ny fisoronana dia ilay fahefan' Andriamanitra omena ny olona mba hiasana ho famonjena ny olona. 'Ny hery hitantanana ireny asa ireny no fanalahidin'ny Fisoronana' [*Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 141]. Avahantsika tsara ny hoe mihazona ny fisoronana sy mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana. Rehefa omena fanalahidy ny olona iray dia tsy mandray fisoronana fanampiny izy. Ny ananany dia ilay zo hitantanana ny asan'ny fisoronana" ("Keys of the Priesthood," *Ensign,* ôkt. 2005, 40).

- Inona ny zavatra nianaranao avy tamin'ny fanazavan'ny Filoha Nelson izay manampy anao hahatakatra tsara kokoa ireo fanalahidin'ny fisoronana?

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny andiam-pehezanteny fahefatra ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 6 mitondra ny lohateny hoe "Fisoronana sy Fanalahidin'ny Fisoronana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho izy ireo mba hikaroka ohatra vitsivitsy izay maneho olona mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana. Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitany.

- Oviana ny fiainanao no voatahy tamin'ny alalan'ny fampiasan'ny olona iray ny fanalahidin'ny fisoronana?

## Fizarana 3 (6 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny *Matio 16:15–19* ary hazavao fa andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izany izay mampianatra antsika mikasika ireo fanalahidin'ny fisoronana. Asao ny mpianatra mba hanisy marika io andinin-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka izay maneho hoe andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izany. Amporisiho izy ireo mba hanoratra eny amin'ny sisin'ny soratra masiny ireo teny manan-danja izay hanampy azy ireo hahatsiaro ilay fotopampianarana nampianarina ao amin'io andinin-tsoratra masina io mikasika ny fanalahidin'ny fisoronana.

Hazavao fa nanontany ny Apôstôliny ny Mpamonjy indray mandeha hoe iza Izy araka ny eritreritr'izy ireo. Mba hamaliana izany dia nijoro ho vavolombelona i Petera hoe, fantany fa Zanak' Andriamanitra i Jesoa. Dia nanambara i Jesoa fa homeny an'i Petera ny fanalahidin'ny fanjakany. Manasà mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny Matio 16:15–19. Angataho mba hanaraka ny vakiteny ny mpianatra ka hitady ny zavatra nolazain'i Jesoa an'i Petera mikasika ny fanalahidin'ny fisoronana.

- Araka ny voalazan'ny andininy 19, dia hanana hery hanao inona i Petera hoy ny Mpamonjy aorian'ny fandraisany ireo fanalahidin'ny fanjakana, na ireo fanalahidin'ny fisoronana? (Famehezana sy famahana etỳ an-tany sy any an-danitra. Midika izany fa ireo asa tanterahina toy ireo ôrdônansy tanterahina eo ambanin'ireo fanalahidin'ny fisoronana ireo dia manan-kery sy mihatra eto an-tany ary mandrakizay, tafiditra ao anatin'izany ny famehezana ny fianakaviana.)
- Ahoana no ahafahanao mampiasa io andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io mba hanampiana olona iray hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fahefana izay hazonin'ny mpaminany sy apôstôly amin'izao fotoana izao mba hitantanana ny asan' Andriamanitra?

*Fanamarihana:* Ho ilainao ny mamerina mandinika miaraka amin'ny mpianatra ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana mandritra ireo fotoam-pianarana manaraka mba hanampiana azy ireo hahatadidy sy hanana fahafahana hampiasa azy ireo. Mitadiava fotoana ahafahana mamerina mandinika izany sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana hafa mandritra ny taom-pianarana.

## Fampiharana (25–30 minitra)

Ampio ny mpianatra hampihatra ireo fitsipika telo ao amin’ny Mahazo fahalalana ara-panahy araka izay ifandraisany amin’ny lohahevitra ara-potopampianarana 6 mitondra ny lohateny hoe: “Fisoronana sy Fanalahidin’ny Fisoronana,” ao amin’ny *Tahirin-kevitra fototra ho an’ny fifehezana fotopampianarana.* Azonao atao ny manoratra ireto fitsipika ireto eny amin’ny solaitrabe alohan’ny fiantombohan’ny fampiharana:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin’ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin’ny alalan’ireo loharanom-pahalalana nofidin’ Andriamanitra.*

Zarao ho vondrona telo ny mpianatra ary omeo ilay taratasy zaraina izay mifanaraka amin’ny laharan’ny vondrona misy azy, ireo mpianatra ao anatin’ny vondrona tsirairay. Omeo 8 ka hatramin’ny 10 minitra eo ny vondrona tsirairay mba hifanakalo hevitra mikasika ilay tantara sy fanontaniana ao anatin’ilay taratasy nozaraina tamin’izy ireo. Hazavao fa aorian’ny fifanakalozan-kevitra ataon’ny vondrona misy azy ireo, dia hanana fahafahana ny mpianatra tsirairay mba hanao fampiharana hamaly ny fanontaniana nomena azy ireo miaraka amin’ireo mpianatra hafa avy amin’ireo vondrona roa hafa.

### Vondrona 1

Vakio miaraka ity toe-javatra manaraka ity ao amin’ny vondrona misy anao:

Misiônera ianao, dia mampianatra naman’ny Fiangonana iray mikasika ny maha-zava-dehibe ny batisa ianao sy ilay mpiara-mitory aminao. Rehefa nanasa ilay naman’ny Fiangonana ianao mba hatao batisa, dia novaliany izany tamin’ny alalan’ny fanontaniana hoe: “Nahoana aho no mila atao batisa indray? Efa vita batisa tany amin’ny fiangonako aho.”

Ifanakalozy hevitra ny fomba ahafahanao manampy ilay naman’ny Fiangonana amin’ny alalan’ny fampiasana ireo fitsipika sy fanontaniana ambara etsy ambany:

*Manao asa amim-pinoana:*

- Inona no azon’ilay naman’ny Fiangonana atao mba hanaovana asa amim-pinoana eo am-pikatsahany fahatakarana momba ny antony tokony hanaovana batisa azy amin’ny alalan’ny fahefan’ny fisoronana sy eo ambany fitarihan’ny olona iray mihazona ireo fanalahidin’ny fisoronana?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin’ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Nahoana no mitondra fomba fijery vaovao an’ilay fanontanian’ilay naman’ny Fiangonana ny fahatakarana ny fisoronana sy ireo fanalahidin’ny fisoronana?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin’ny alalan’ireo loharanom-pahalalana nofidin’ Andriamanitra:*

- Afaka manampy ilay naman'ny Fiangonana hahita ny valin'ny fanontaniany amin'ny fomba ahoana ilay fotopampianarana nampianarina ao amin'ny Matio 16:15–19?
- Moa ve misy soratra masina hafa izay hanampy ilay naman'ny Fiangonana hahatakatra ny antony tokony hanaovana batisa azy amin'ny alalan'ny fahefana mifanaraka amin'izany?

## Vondrona 2

Vakio miaraka ity toe-javatra manaraka ity ao amin'ny vondrona misy anao:

Misy namana iray namboraka taminao fa nanao fahotana goavana misy ifandraisany amin'ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izy ary miezaka ny mibebaka. Tao anatin'ny fandalinanao ny soratra masina dia nianatra ianao fa ny eveka na ny filohan'ny sampana any amin'ny paroasy na sampan'ny Fiangonana dia mihazona ny fanalahidin'ny Fisoronana Aharôna izay ahitana ny fanalahidin'ny "filazantsaran'ny fibebahana" (F&F 13:1).

Namporisihinao ilay namanao mba hihaona amin'ny evekany, saingy novaliany hoe: "Tsy azoko hoe nahoana aho no mila mihaona amin'ny evekako. Fantatro fa mila mibaboka ny zavatra nataoko aho saingy efa nibaboka tamin'ny Tompo aho. Efa nivavaka mba hahazo famelana aho ary efa nanova ny fitondrantenako. Efa nandray ny fanasan'ny Tompo aho. Nahoana aho no mila mandeha any amin'ny eveka mba hahazo famelana avy amin'ny Tompo? Moa ve tsy zavatra eo amiko sy ny Tompo ihany izany?"

Ifanakalozy hevitra ny fomba ahafahanao mamaly ilay namanao amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitsipika sy fanontaniana ambara etsy ambany:

*Manao asa amim-pinoana:*

- Inona no azon'ilay namanao atao mba hampiharana sy hampatanjahana ny finoany ny Mpamonjy sy ireo fanalahidin'ny fisoronana izay nomena an'ireo mpanompony nahazo lalana?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Nahoana araka ny eritreritrao no afaka manampy amin'ny famaliana ilay fanontanian'ny namanao ny fahatakarana ireo fanalahidin'ny fisoronana?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Nahoana ny tenin'ny Mpamonjy ao amin'ny Matio 16:19 no afaka manampy ilay namanao hahatakatra ny fifandraisan'ireo fanalahidin'ny fisoronana hazonin'ny eveka amin'ireo fitahiana mandrakizay azo omena azy, ka tafiditra ao anatin'izany ny famelana ny fahotana?
- Inona avy ireo loharanom-pahalalana hafa nofidin' Andriamanitra izay azon'ilay namanao vakina mba hahazoana fahatakarana bebe kokoa?

## Vondrona 3

Vakio miaraka ity toe-javatra manaraka ity ao amin'ny vondrona misy anao:

Nandritra ny fiarahanao niala sasatra tamin'ny fianakaviambenao nandritra ny herinandro dia niresaka mikasika ny fitadiavana paroasy na sampana iray mba hiangonana ny Alahady ny fianakavianao. Nitodika tany aminao ilay zanakalahin'ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreninao izay mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna ary nilaza hoe: "Maninona moa raha tsy manao fivoriana fanasan'ny Tompo ho antsika fotsiny isika? Mpisorona aho ary afaka manamasina sy mizara

ny fanasan'ny Tompo, dia afaka manao vavaka sy lahateny ianao sy ny olona vitsivitsy hafa ao amin'ny fianakaviana."

Ifanakalozy hevitra ny fomba ahafahanao mamaly ilay sosokevitra natolotr'ilay zanakalahin'ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreninao amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitsipika sy fanontaniana ambara etsy ambany:

*Manao asa amim-pinoana:*

- Ahoana no fomba ahafahan'ny fianakavianao mampiseho ny finoana ny fahefana ananan'ireo mpihazona ny fanalahidin'ny fisoronana mba hitantanana ny asan'ny fisoronana, rehefa manao drafitra mikasika ny fomba handraisana ny fanasan'ny Tompo izy ireo mandritra ny fandehanany miala sasatra?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Nahoana no manampy mba hampazava ny fotoana ahafahan'ny mpihazona fisoronana iray manatanteraka ôrdônansy iray, toy ny hoe mikarakara ny fanasan'ny Tompo, ny fahatakarana ny fotopampianaran'ny fanalahidin'ny fisoronana?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Inona ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra azonao vakina mba hahatakarana bebe kokoa mikasika ny fotoana hahazoan'ny mpihazona ny fisoronana iray lalana hanatanteraka ôrdônansin'ny fisoronana iray?

Raha toa ny mpianatra ka mila fanampiana eo amin'ny fitadiavany loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra izay mifandray amin'ireo fanontaniana ao anatin'ilay toe-javatra nomena azy ireo, dia asao izy ireo hikaroka ao anatin'ireto loharano manaraka ireto:

*Vondrona 1:* Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 22:2–4.

*Vondrona 2:* Môsià 26:12–15, 29–31; Loholona C. Scott Grow, "Nahoana aho no mila manao fibabohana amin'ny evekako?" *New Era,* ôkt. 2013, 28–30; na *Liahona,* ôkt. 2013, 58–60.

*Vondrona 3:* "Ordonances et bénédictions de la prêtrise," *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 20.1, LDS.org; Elder Dallin H. Oaks, "Ny Fanalahidy sy ny Fahefan'ny Fisoronana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 49–52.

Rehefa avy nifanakalo hevitra mikasika ilay toe-javatra nomena azy sy ny fomba ahafahan'izy ireo mamaly izany ny vondrona tsirairay, dia zarao tsitelotelo ny mpianatra ka ahitana mpianatra iray avy amin'ny vondrona 1, sy mpianatra iray avy amin'ny vondrona 2 ary mpianatra iray avy amin'ny vondrona 3 ny ao anatin'izany. Asao ny mpianatra tsirairay mba hamaky ilay toe-javatra nomena azy amin'ireo mpianatra ao anatin'ilay vondrona, dia avy eo lalaoviny an-tsehatra ny fomba ahafahany mamaly ilay fanontaniana.

Rehefa avy nomena fotoana ampy izy ireo, dia manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny heviny sy ny fijoroana ho vavolombelona ananany mikasika ireo fitahiana azo rehefa tarihin'ireo mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Mba hanampiana ny mpianatra hahatadidy ny misy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nianaran'izy ireo hatramin'izay nandritra ity taom-pianarana ity, dia asaivo manao tabilao misy efamira 16 eo amin'ny tapa-taratasy iray izy ireo. Angataho izy ireo mba hanisy tarehimarika ny efamira tsirairay amin'ny sisiny indrindra manomboka eny ambony ka hatrany ambany ary soraty ao anatin'ireo efamira mitsivalana eny amin'ny tampony ny tarehintsoratra *A, B, D,* ary *E* .

| | A | B | D | E |
|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | |
| 2 | | | | |
| 3 | | | | |
| 4 | | | | |

Avereno dinihina ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay nianaran'ny mpianatra hatramin'izay nandritra ity taom-pianarana ity. Dia angataho izy ireo mba hanoratra an-kisendrasendra ao anatin'ilay tabilao ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana miisa 16. (Raha toa ny mpianatra ka nianatra andinin-tsoratra masina latsaky ny 16, dia azon'izy ireo soratana mihoatra ny indray mandeha ny sasany amin'ireo andinin-tsoratra masina. Raha nianatra mihoatra ny 16 izy ireo, dia azonao angatahina izy ireo mba hampitombo ny efamira ao amin'ilay tabilao araka izay ilana izany.)

Vakio mafy ny ampahany amin'ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ka mandritra izany dia hametraka ny fanondrony eo amin'izay boky sy toko sy andininy izay eritreretiny fa mifandray amin'ilay andinin-tsoratra masina ao amin'ilay tabilao ny mpianatra tsirairay. Rehefa avy namaky ianao dia lazao mafy ilay boky sy toko sy andininy mba hijeren'ny mpianatra ny valiny nomeny. Raha boky sy toko sy andininy marina no notondroin'izy ireo dia asaivo asiany *X* izany.

Raha toa ka nahavita nanisy marika efamira miisa efatra nifanesy ilay mpianatra na taiza na taiza toerana nisy azy tsirairay, dia tokony hiteny mafy hoe "Fifehezana fotopampianarana" izy. Azonao tohizina izany mandra-pahavitan'ny rehetra nanisy marika efatra mifanesy na mandra-pahavitan'ny mpianatra nanisy marika ireo efamira rehetra.

# Ôrdônansy sy Fanekempihavanana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (20 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny teny hoe *Ôrdônansy* sy ny hoe *Fanekempihavanana*. Asao ny mpianatra mba hieritreritra ny fomba hamaritany ireo teny tsirairay ireo amin'ny olona iray izay mety tsy mahalala azy ireo.

Asao ny mpianatra maro mba hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezanteny eo ambanin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 mitondra ny lohateny hoe "Ôrdônansy sy Fanekempihavanana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny sy hanisy marika ireo teny na andian-teny izay manampy azy ireo hahatakatra tsara kokoa ny atao hoe ôrdônansy sy fanekempihavanana.

Rehefa avy nomena fotoana ampy izy ireo dia asao ny mpianatra vitsivitsy hitatitra ny zavatra nasiany marika. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no atao hoe ôrdônansy ahazoana famonjena?
- Inona avy ireo ôrdônansin'ny filazantsara ahazoana famonjena efa noraisinao?
- Inona no ampianarin'io lohahevitra ara-potopampianarana io mikasika ny antony ilàna ny batisa? (Asao ny mpianatra hanisy marika ity fahamarinana manaraka ity ao anatin'ny tahadikan'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana nomena azy ireo:* **Ilain'ny olona iray mba hahafahany ho tonga mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ary hahafahany miditra ao amin'ny fanjakana selestialy ny batisa.**)
- Nahoana araka ny eritreritrao no ilain'ny olona iray mba hahafahany ho tonga mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ary hahafahany miditra ao amin'ny fanjakana selestialy ny batisa?

Angataho ny mpianatra mba hieritreritra mangina mandritra ny fotoana fohy ilay fotoana nanaovana batisa azy ireo sy nandraisana azy ireo ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Asao ny mpianatra vitsivitsy mba hilaza ny toerana nanaovana batisa azy ireo sy ny olona nanao batisa azy ireo ary mba hizara ireo fahatsapana izay tiany hozaraina mikasika ny zavatra niainan'izy ireo.

### Fizarana 2 (10 minitra)

Avereno dinihina miaraka amin'ny mpianatra ity fotopampianarana manaraka ity izay ampianarina ao anatin'ny lohahevitra ara-potopampianarana mitondra ny lohateny hoe: "Ôrdônansy sy Fanekempihavanana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra*

*fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* Ilain'ny olona iray mba hahafahany ho tonga mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ary hahafahany miditra ao amin'ny fanjakana selestialy ny batisa.

- Inona ny andinin-tsoratra masina ao amin'ny Testamenta Vaovao izay manohana io fotopampianarana io?

Asao ny mpianatra hamaky ny Jaona 3:5. Azonao atao ny manoro hevitra azy ireo mba hanisy marika amin'ny fomba miavaka io andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io mba ho mora ho azy ireo ny mahita izany. Hazavao fa ny Jaona 3 dia ahitana ny fampianaran'ny Mpamonjy ny Fariseo iray nantsoina hoe Nikodemosy izay nikatsaka ny hianatra bebe kokoa mikasika ny filazantsara.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 3:5. Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra nolazain'ny Mpamonjy fa takina mba hidirana ny fanjakan' Andriamanitra.

- Inona no nolazain'ny Mpamonjy fa takina mba hidirana ny fanjakan' Andriamanitra?
- Inona no ôrdônansy ahazoana famonjena tiana holazaina amin'ilay hoe "ateraky ny rano"?
- Inona no ôrdônansy ahazoana famonjena tiana holazaina amin'ilay hoe "ateraky … ny Fanahy"?
- Nanampy anao tamin'ireo ezaka nataonao mba ho mendrika ny hiditra ny fanjakana selestialy sy hiaraka hiaina indray amin'ny Rainao any An-danitra tamin'ny fomba ahoana ny nanaovana batisa anao?

## Fampiharana (10 minitra)

Ampahatsiahivo ny mpianatra ireo fitsipika telo voatanisa ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ary soraty eny amin'ny solaitrabe izy ireo:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Mba hanampiana ny mpianatra hampihatra ny fampiasana ireo fitsipika ireo ho an'ireo fanontaniana mikasika ny lohahevitra hoe "Ôrdônansy sy Fanekempihavanana," dia vakio mafy ity toe-javatra manaraka ity:

Liana te hianatra bebe kokoa momba ny Fiangonana ny iray amin'ireo namanao, dia nanaraka ireo lesona ampianarin'ny misiônera. Efa namaky ampahany vitsivitsy tamin'ny Bokin'i Môrmôna izy sy nanatrika fivoriam-piangonana tao anatin'ny fotoana vitsivitsy, ary naneho ny finoany ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.

Indray andro, raha teny am-pandehanana an-tongotra nody taorian'ny fampianaran'ny misiônera lesona, dia nilaza ilay namanao hoe: "Mino ny zavatra ampianarin'ny misiônera aho, saingy moa ve aho tsy afaka ny ho olona tsara sy Kristianina tsara fotsiny fa tsy atao batisa any amin'ny fiangonana iray manokana?"

- Inona avy ireo fomba ahafahanao manasa ny namanao mba hanao asa amim-pinoana eo am-pieritreretana ilay fanasana hatao batisa?
- Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao mba hijery ilay fanontaniany mikasika ny batisa amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay? Inona avy ireo fahamarinana mifandray amin'ny drafitry ny famonjena sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy azonao zaraina mba hanampiana azy hahatakatra ny lanja mandrakizain'ny ôrdônansin'ny batisa?
- Inona no azonao atao mba hanampiana ny namanao hikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra?
- Ahoana no ahafahanao mampiasa ny Jaona 3:5 mba hanampianao ilay namanao?

Omeo minitra vitsy ny mpianatra hikarohana ny fanazavana mikasika ny "Batisa" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina na ao amin'ny Gospel Topics (ao amin'ny lds.org/topics), ka hitady fampahalalana fanampiny na andinin-tsoratra masina izay mety hanampy ilay namany amin'ny fanontaniana ananany. Rehefa avy nomena fotoana ampy, dia zarao tsiroaroa ny mpianatra na zarao ho vondrona kely vitsivitsy ary asao izy ireo mba hifampizara ny zavatra hitany. Manokàna fotoana fohy iarahana amin'ny vondrona tsirairay mba hahafahanao mihaino ny fifanakalozan-kevitr'izy ireo, dia manolora fanampiana araka izay ilaina.

Azonao faranana izany amin'ny alalan'ny fanasana mpianatra iray na mihoatra mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany mikasika ny maha-zava-dehibe ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana—indrindra fa ny ôrdônansin'ny batisa—ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Manaova fitsapam-pahaizana mba hanomezana fahafahana ny mpianatra hitsapa ny fitadidian'izy ireo ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Azo ampidirina ao anatin'ireo fanontaniana ireo famantarana toy ny teny manan-danja na ny boky sy toko sy andininy, na ampahany avy amin'ny teny ao amin'ny andinin-tsoratra masina, na tantara kely izay maneho ireo fahamarinana ampianarina ao amin'ny andinin-tsoratra masina. Azo atao ireo fitsapam-pahaizana ireo amin'ny alalan'ny famakiana mafy ireo fanontaniana na amin'ny alalan'ny fanoratana azy ireo eny amin'ny solaitrabe na amin'ny taratasy. Rehefa avy nanao ilay fitsapam-pahaizana ireo mpianatra dia ampiaraho amin'ireo mpianatra manana naoty ambony ireo izay manana naoty ambany kokoa. Ny mpianatra manana naoty ambony kokoa dia afaka manampy ny mpianatra manana naoty ambany mba hahatakatra ireo fomba mahomby handalinana sy hanatsarana ny fifehezana andinin-tsoratra masina mirakitra fotopampianarana. Ao anatin'izany ezaka izany, dia azon'ilay vondrona mpiara-miasa mandeha tsiroaroa atao ny mametraka tanjona mba hahazoana naoty ambonimbony kokoa rehefa atambatra ny naotin'izy roa tonta amin'ny fitsapam-pahaizana manaraka.

Mamoròna tabilao na solaitrabe fametraham-baovao mba hanehoana ny tanjon'ireo mpianatra ary hamantarana ny fivoaran'izy ireo.

# Fanambadiana sy Fianakaviana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (25–30 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny *1 Korintiana 11:11*. Hazavao fa andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana io, ary asao ny mpianatra mba hitady izany ao anatin'ny soratra masiny sy hanisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba hahafahany mahita izany amin'ny fomba mora. Hazavao fa io andinin-tsoratra masina io dia manampy antsika hahatakatra ilay lohahevitra ara-potopampianarana mitondra ny lohateny hoe Fanambadiana sy Fianakaviana.

Hazavao fa tao anatin'ny taratasy nalefany ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Korinto (i Grèce amin'izao fotoana izao) dia nampianatra mikasika ny fanambadiana i Paoly Apôstôly. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 1 Korintiana 11:11. Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ny zavatra nampianarin'i Paoly mikasika ny fifandraisana eo amin'ny mpivady.

Hazavao fa ny hoe "ao amin'ny Tompo" dia ilazana ny drafitry ny filazantsaran'ny Ray any An-danitra, izay manome fahafahana antsika hahazo ny fiainana mandrakizay ary ho lasa tahaka Azy.

- Inona ny zavatra ampitain'io andininy io mikasika ny antony ilana ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray?

Angataho ny mpianatra hamaky ny lohahevitra ara-potopampianarana 8 mitondra ny lohateny hoe: "Fanambadiana sy Fianakaviana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ka hitady ireo fehezanteny milaza zavatra izay manampy antsika hahatakatra ny antony ilana ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ao amin'ny drafitr' Andriamanitra.

Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitany. Dia ambarao ity fahamarinana manaraka ity izay ao anatin'izany lohahevitra izany: **Amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana amim-pahatokiana ny fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay ihany no ahafahan'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray manatratra ny fahafahan'izy ireo ho tonga andriamanitra sy haharitra mandrakizay.** Azonao atao ny manoro hevitra ny mpianatra mba hanoratra ity fotopampianarana ity ao anatin'ny soratra masiny eo akaikin'ny 1 Korintiana 11:11.

### Fizarana 2 (5–10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fotopampianarana manaraka ity: *Amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana amim-pahatokiana ny fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay ihany no ahafahan'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray*

*manatratra ny fahafahan'izy ireo ho tonga andriamanitra sy haharitra mandrakizay.* Angataho ny mpianatra mba hitady ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao izay mampianatra io fotopampianara io. Raha vao hitan'ny mpianatra ny 1 Korintiana 11:11, dia asao ny mpianatra iray mba hamaky izany mafy.


Manasà mpianatra iray mba handroso eny aloha. Dia angataho ilay mpianatra mba haninjitra ny tanany roa.

- Inona no mampitovy ny tananao?
- Inona kosa no tsy mampitovy azy ireo?

Angataho ilay mpianatra mba hametraka ny tanana iray any an-damosiny. Apetraho amin'ny mpianatra avy eo ireto fanontaniana ireto:

- Inona avy ireo zavatra izay mety ho sarotra atao amin'ny tanana iray monja?
- Manomeza ohatra maneho fa ny fiarahan'ny tanana anankiroa miasa dia mampahatanjaka antsika kokoa?
- Ahoana no ahafahantsika mampifandray ilay ohatry ny tanantsika amin'io fahamarinana ara-potopampianarana mikasika ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray io?

Hazavao fa misy olona sasantsasany izay tsy hanana fahafahana hiditra ao anatin'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana selestialy eto amin'ity fiainana ity. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Howard W. Hunter ity:



"Tsy misy fitahiana, ka anisan'izany ny an'ny fanambadiana mandrakizay sy ny fianakaviana mandrakizay, izay tsy homena izay olona tsirairay mendrika. Mety haka fotoana elaela izany—angamba any ankoatran'ity fiainana an-tany ity aza—mba hahatanteraka izany fitahiana izany ho an'ny sasany, fa tsy ho lavina izany" "The Church Is for All People," *Ensign,* jona 1989, 76.)

- Nahoana araka ny eritreritrao no zava-dehibe ny mahatakatra fa ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra dia hanana fahafahana hiditra ny fanekempihavanan'ny fanambadiana selestialy sy hanana fianakaviana mandrakizay ny olona mendrika rehetra amin'ny farany?

### Fizarana 3 (10 minitra)

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity na omeo tahadikan'izany ny mpianatra tsirairay. Asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy. Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hikaroka hevi-baovao ao anatin'ilay fotopampianarana nohalalin'izy ireo mikasika ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray.



"Taorian'ny nahariana ny tany dia napetraka tao amin'ny Saha Edena i Adama. Ny tena manan-danja anefa dia ny nilazan' Andriamanitra fa 'tsy tsara raha irery ralehilahy' (Mosesy 3:18; jereo koa ny Genesisy 2:18), ary lasa vady sy mpanampy sahaza ho an'i Adama i Eva. Ny fikambanan'ireo hery miavaka ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ary ara-pihetsehampo ananan'ny lahy sy ny vavy dia nilaina mba hampiharana ny drafitry ny fahasambarana. … Ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao mba hianatra avy amin'izy samy izy, hifankahery, hifampitahy, ary hifameno" ("Mino isika fa tokony ho Madio Fitondrantena," *Ensign* na *Liahona,* mey 2013, 41–42).

- Inona no ifandraisan'ny fampianaran'ny Loholona Bednar amin'ny fahamarinana ampianarina ao amin'ny 1 Korintiana 11:11?

Asao hamaly ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto ao anatin'ny diary fandalinany soratra masina ny mpianatra:

- Inona avy ireo fomba sasantsasany ahafahan'ireo toetra sy andraikitra ananan'ireo lehilahy sy vehivavy mifameno ao anatin'ny fanambadiana iray sy ny fianakaviana iray?
- Inona avy ireo toetra azon'ny mpivady hatsaraina amin'ny alalan'ny fanekempihavanan'ny fanambadiany izay hanampy azy ireo ho lasa mitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra?

Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny valinteniny amin'ny iray kilasy.

## Fampiharana (45–55 minitra)

Ireto asa manaraka ireto dia afaka manampy ny mpianatra hampihatra ireo fitsipika nianaran'izy ireo tany am-piandohan'ny taona tao anatin'ilay fianarana mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Mba hampahatsiahivana ny mpianatra ireo fitsipika ireo dia mety hanampy ny fanoratana azy ireo eny amin'ny solaitrabe:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Azo tanterahina ao anatin'ny andro anankiray ireo asa atao ireo na amin'ny andro samy hafa fa miankina amin'ny fandaraharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

### Fampiasana 1 (20–25 minitra)

*Fanamarihana:* Raha ilaina dia ampifanaraho amin'ny zavatra iainan'ireo mpianatrao ity toe-javatra manaraka ity.

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity toe-javatra manaraka ity:


Raha mbola nanohy fianarana ianao taorian'ny asa fitorianao, dia nihaona tamin'olona iray izay manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba an'i Jesoa Kristy ary nanomboka nampiaraka taminy. Nohajainy ianao ary nampiany ho tonga amin'ilay tsara indrindra tokony hahatongavanao. Rehefa nandeha ny fotoana dia nitombo ny fifankatiavanareo ary nanomboka niresaka mikasika ny fanambadiana ianareo. Rehefa nieritreritra hoe hanambady anefa ianao dia nanomboka niahiahy mikasika ny rarin-tsaina sy ny fanamby avy amin'ny fanambadiana sy ny fananana fianakaviana, sady mianatra no miasa ary manomboka fototr'asa iray. Mieritreritra ianao hoe: "Tsy ho mora sy ho tsara kokoa ve ny miandry aloha dia ahemotra ny fanambadiana sy ny fianakaviana mandrapahavitako ny fianarana sy mandrapahitako asa tsara ary mandrapanangonako vola ampy?"

- Nahoana no mety haka fanahy ny fanemorana na fanalavirana ny fanambadiana ao anatin'io toe-javatra io?
- Inona no azonao atao mba hanaovana asa amim-pinoana rehefa mandinika io fanontaniana io ianao ary manao drafitra ho an'ny hoavy?
- Nahoana no afaka manampy anao hanao safidy mikasika ny fianarana sy ny asa kasaina hatao ary ny fanambadiana sy ny fianakaviana ny fikatsahana fitarihana avy amin' Andriamanitra?

Angataho ny mpianatra mba hieritreritra ny zavatra fantany mikasika ny anjara asan'ny fanambadiana sy ny fianakaviana ao amin'ny drafitry ny famonjena.

- Azo ampifandraisina amin'ilay fotopampianarana nianarantsika tao amin'ny 1 Korintiana 11:11 amin'ny fomba ahoana io toe-javatra io?
- Ahoana no ahafahanao manambara io olana io amin'ny endriny hafa mba handinihana ilay toe-javatra amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay? (Anisan'ny azo ampidirina ao anatin'izany ireto ohatra ireto: Inona no zavatra mety hafoiko raha toa ka ampiandrasako ny fanambadiana? Inona avy ireo tombontsoa sy fitahiana azo amin'izao fotoana izao sy any amin'ny mandrakizay avy amin'ny fanaovana ny fanambadiana sy ny fianakaviana ho lohalaharana eo amin'ny fiainako?)

Zarazarao ho vondrona ahitana mpianatra telo ka hatramin'ny dimy ny kilasy, dia omeo 5 ka hatramin'ny 10 minitra izy ireo hamakafakana ny soratra masina sy ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana farany ary ireo loharanom-pitaovana hafa an'ny Fiangonana, raha misy, mba hahazoana fahatakarana fanampiny izay afaka mitarika ny asa ataon'izy ireo sy ny fanapahan-kevitra raisin'izy ireo mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Azonao atao, mba ho ohatra, ny manasa mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson ho an'ny lehilahy ao amin'ny Fiangonana:



"Raha toa ianareo ka miahiahy mikasika ny famelomana ny vady sy ny fianakaviana dia mamela ahy hanome toky fa tsy mahamenatra ho an'ny mpivady ny voatery mihafy sy manangona. Amin'ny ankapobeny dia mandritra ireny fotoam-pitsapana ireny no hifanakaikezanareo bebe kokoa rehefa mianatra ny mihafy sy mandray fanapahan-kevitra sarotra." ("Ny herin'ny fisoronana,"

*Ensign* na *Liahona*, mey 2011, 67).

Asao ny mpianatra mba hanao tatitra amin'ny iray kilasy momba ny soratra masina na ireo loharanom-pitaovana mitondra fahatakarana fanampiny izay hitan'izy ireo.

- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ny manao ny fanambadiana sy ny fianakaviana ho lohalaharana eo amin'ny fiainanao?
- Inona no azonao atao ankehitriny mba hanomananao ny tenanao hanorina fanambadiana sy fianakaviana mandrakizay?

## Fampiasana 2 (25-30 minitra)

Vakio mafy ity toe-javatra manaraka ity:

Rehefa niresaka tamin'ny rahalahinao ianao indray alina dia namboraka taminao izy fa nanana olana mikasika ny fampianaran'ny Fiangonana momba ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy. Hoy izy hoe: "Sarotra ho ahy ny manakatra ny antony hanohizan'ny Fiangonana ny fampianarana fa tsy mety ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy. Nahoana no sakanana ny fifaliana mety ho azon'ny olona avy amin'ny fiarahana matotra eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy?"

Angataho ny mpianatra mba handinika izay ho avaliny eo anatrehan'ny toe-javatra toy izany.

- Inona no azonao atao mba hanaovana asa amim-pinoana eo am-piezahanao mamaly ny fanontanian'ny rahalahinao?
- Inona avy ireo fomba ahafahanao manampy ny rahalahinao mba hanao asa amim-pinoana?
- Inona ny fotopampianarana nianarantsika avy tamin'ny fandalinantsika ny 1 Korintiana 11:11 izay afaka manampy antsika hahatakatra amin'ny alalan'ny fomba fijerin'ny Tompo ny olan'ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy?
- Inona avy ireo fahamarinana ara-potopampianarana izay afaka manampy antsika hahatakatra amin'ny alalan'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay toe-javatra mikasika ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy?

Mba hanampiana ny mpianatra hitodika any amin'ireo fampianaran'ny mpaminany mba hahazoana fahatakarana bebe kokoa dia zarao ny taratasy misy ilay hoe "Why Marriage Is Essential" ("Nahoana no ilaina ny fanambadiana") any amin'ny faran'ity fianarana ity. Nalaina avy tamin'ny "Marriage Is Essential to His Eternal Plan" ("Ilaina ny fanambadiana ao anatin'ny drafiny mandrakizay") izany izay nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra mba hamaky izany miaraka amin'ny mpiara-mianatra iray ka hitady ireo fahamarinana mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana izay afaka manampy azy ireo hiresaka mikasika ilay toe-javatra momba ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy.

- Ahoana no ahafahanao mampiasa ny fampianaran'ny Loholona Bednar mba hanampiana ilay rahalahinao hijery ilay toe-javatra momba ny fanambadiana eo amin'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy amin'ny fomba fijery mibanjina ny drafitry ny famonjena sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?

*Fanamarihana:* Azonao atao ny mampiasa lahateny vao haingana iray hafa na maro nataon'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana eo amin'ny toeran'ilay anankiray ao anatin'ny taratasy zaraina.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Mba hanampiana ny mpianatra hahatadidy sy hahafantatra ny fomba hahitana ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana nianaran'izy ireo nandritra ity taom-pianarana ity dia mampiasà famantarana mba hanampiana azy ireo hahita haingana ireo andinin-tsoratra masina ao anatin'ny soratra masin'izy ireo. Tafiditra ao anatin'ny azo atao famantarana ireo teny manan-danja, ny filazana ny zava-miseho, ny fotopampianarana sy fitsipika, ary ny hevitra enti-mampihatra.

Ny asa atao amin'ny haza soratra masina izay hifaninanan'ireo mpianatra izay mahita aloha ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana dia afaka manampy azy ireo hirotsaka amin'ny fomba mavitrika ao amin'ny fianarana ireo andinin-tsoratra masina. Ny asa atao amin'ny haza soratra masina dia tsy tokony hiteraka fahatsapana ho voaratra na mandroaka ny Fanahy. Ampio ireo mpianatra mba hisoroka ny fandraisana ny soratra masin'izy ireo ho toy ny zavatra tsy manan-danja sy hisoroka ny fitiavana mifaninana diso tafahoatra. Ampifaninano amin'ny fenitra iray ireo mpianatra fa tsy amin'izy samy izy. Ohatra, afaka mifaninana amin'ny mpampianatra ireo mpianatra, na azonao asaina mifaninana izy ireo mba hijerena raha misy salan'isan'ireo mpianatra afaka mahita andinin-tsoratra masina iray manokana ao anatin'ny fe-potoana iray voafaritra mialoha.

Mba hanomanana ny mpianatra handray anjara amin'ny asa atao amin'ny haza soratra masina dia omeo minitra vitsy izy ireo mba hamerenany ireo andinin-tsoratra masina sy teny manan-danja hita ao amin'ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana alohan'ny hanombohana asa atao iray. Azon'izy ireo atao miaraka amin'ny olona iray izany na azonao atao hoe ny iray kilasy no miaraka mamerina ireo andinin-tsoratra masina.

## Nahoana no ilaina ny fanambadiana

Loholona David A. Bednar

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Sombiny avy amin'ny "Marriage Is Essential to His Eternal Plan," *Ensign,* jona 2006, 82–87; na *Liahona,* jona 2006, 50–55

Ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia manambara "fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tendrin' Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany" ["Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 129]. Io fehezanteny fototra ao amin'ny fanambarana io dia mampianatra be

dia be antsika ny lanjan'ny fotopampianaran'ny fanambadiana ary manamafy ny maha-lohalaharana ny fanambadiana sy ny fianakaviana ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Ny fanambadiana marina dia didy sady dingana ilaina amin'ny fanorenana fifandraisana feno fitiavana eo amin'ny fianakaviana izay afaka maharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana.

Misy antony ara-potopampianarana roa miavaka izay manampy antsika hahatakatra hoe nahoana ny fanambadiana mandrakizay no ilaina amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra.

***Antony voalohany:*** *Ny toetoetran'ny fanahin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia mifameno sady tonga lafatra rehefa miaraka, noho izany ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao hivoatra miaraka mankany amin'ny fisandratana.*

Ny toetoetra mandrakizain'ny fanambadiana sy ny lanjany dia tsy afaka ny ho takatra tanteraka raha tsy ao anatin'ilay faribolan'ny sahan-kevitry ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny zanany ihany. "Ny olombelona rehetra—lahy sy vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary … manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra" ["Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao"]. Ny drafitra lehiben'ny fahasambarana dia manome fahafahana ireo fanahy zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra hahazo vatana, sy hiaina ny fiainana an-tany, ary hivoatra mankany amin'ny fahalavorariana.

"Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay" ["Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao"] ary mamaritra amin'ny ampahany lehibe hoe iza isika ary maninona isika no eto an-tany, ary inona no tokony hataontsika ary ho lasa inona isika. Ny fanahin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy hafa, miavaka tsara, ary mifameno noho ireo tanjona masina fonosin'izany.

Taorian'ny nahariana ny tany dia napetraka tao amin'ny Saha Edena i Adama. Ny tena manan-danja indrindra anefa dia ny nilazan'Andriamanaitra hoe "tsy tsara raha irery ny lehilahy" (Genesisy 2:18; Mosesy 3:18), ary lasa vady sy mpanampy sahaza ho an'i Adama i Eva. Nilaina ny fikambanan'ny hery miavaka ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ary ara-pihetsehampo ananan'ny lahy sy ny vavy mba hampiharana ny drafitry ny fahasambarana. Raha ny lehilahy irery na ny vehivavy irery dia tsy ho afaka hanatanteraka ireo tanjona nahariana azy ireo.

"Araka ilay drafitra masina, ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao hivoatra miaraka mankany amin'ny fahalavorariana sy fahafenoan'ny voninahitra. Noho ireo toetra voajanahary sy fahaiza-manaon'izy ireo izay samy miavaka tsara dia samy mitondra fomba fijery sy traikefa tsy manam-paharoa ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fifandraisana ao amin'ny fanambadiana. Ny lehilahy sy ny vehivavy dia mitondra anjara biriky amin'ny fomba samy hafa nefa mitovy lenta hanatratrana ilay fitambarana ho iray sy ilay firaisan-kina izay tsy azo tratrarina amin'ny fomba hafa ankoatra izany. Ny lehilahy dia mameno sy mandavorary ny vehivavy ary ny vehivavy dia mameno sy mandavorary ny lehilahy rehefa mianatra amin'izy samy izy sy mifampahery ary mifampitahy izy ireo. "Kanefa *ao amin'ny Tompo* tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy" (1 Korintiana 11:11; nampiana soramandry).

*Antony Faharoa: Ao anatin'ilay drafitra masina ny lehilahy sy ny vehivavy dia ilaina mba hitondra zanaka eto an-tany ary hanolotra tontolo faran'izay tsara mba hitaizana sy hikolokoloana ny zanaka.*

Ilay didy nomena an'i Adama sy i Eva fahiny mba hitombo sy hameno ny tany dia mbola manan-kery amin'izao fotoana izao. "Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana. … Ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin' Andriamanitra." ["Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao"]. Noho izany ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy vehivavy no fantsona nahazoan-dalana hidiran'ireo fanahy niaina tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana eto an-tany. Ny fifadiana tanteraka ny fanaovana firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana sy ny fahatokiana tanteraka ao anatin'ny fanambadiana no miaro ny fahamasinan'io fantsona masina io.

Ny tokantrano misy mpivady mifankatia sy mifanaja no toerana faran'izay tsara indrindra ahafahana mitaiza ny zanaka amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary ahafahana manolotra ny zavatra ilain'ny zanaka ara-panahy sy ara-nofo. Raha mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny fahalavorarian'ny fifandraisana ao anatin'ny fanambadiana ireo toetra miavaka ananan'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena zava-dehibe koa ireo toetra ireo eo amin'ny fitaizana sy fikolokoloana ary fampianarana ny zanaka. "Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny fanekena nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka" ["Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"].

# Ireo Didy

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny Fotopampianarana (25 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

- *Nahoana Andriamanitra no manome didy antsika?*
- *Nahoana no tokony hankatò azy ireny isika?*

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny andiam-pehezanteny voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 mitondra ny lohateny hoe: "Ireo Didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ka hitady ny valin'ireo fanontaniana notanisaina eny amin'ny solaitrabe.

- Nahoana Andriamanitra no manome didy antsika? (Mba hanampiana antsika hivoatra sy ho lasa tahaka Azy. Ny didy dia fanehoan' Andriamanitra ny fitiavany antsika.)
- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mankatò ny didin' Andriamanitra? (Ny fankatoavana ny didy dia manome fahafahana antsika hampiseho ny fitiavantsika ny Tompo ary hitondra fifaliana sy fitahiana ho antsika.)

Angataho ny mpianatra mba hijery ao amin'ny Jaona 14:15, ary toroy hevitra izy ireo mba hanisy marika izany ho toy ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Hazavao fa taorian'ny fiarahany nisakafo farany tamin'ireo Apôstôliny talohan'ny nanomboana Azy, dia nampianatra ny Apôstôliny fahamarinana manan-danja mikasika ny zavatra tokony ho tsapantsika momba ny fitandremana ireo didy i Jesoa. Makà minitra vitsy hanampiana ireo mpianatra hitadidy ny toerana sy ny lahatsoratr'io soratra masina io, dia anontanio avy eo hoe:

- Araka io andinin-tsoratra masina io, dia maneho inona amin'ny Mpamonjy isika rehefa mitandrina ny didy? (Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia azonao soratana eny amin'ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity: **Maneho ny fitiavantsika ny Mpamonjy isika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny.**)
- Nahoana araka ny eritreritrao no maneho ny fitiavantsika ny Mpamonjy ny fitandremana ny didy?

### Fizarana 2 (5 minitra)

Asao ny mpianatra hanoratra ny soratra masina mifandray Matio 22:36–39 eo amin'ny sisin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Jaona 14:15. Dia asaivo mamaky ny

Matio 22:36–39 izy ireo ary asao mba hanisy marika izany ho toy ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitra ho an'io andinin-tsoratra masina io dia angataho izy ireo mba hamaky mangina ny Matio 22:34–36 ka hitady fanontaniana iray napetraka tamin'ny Mpamonjy.

- Inona ny fanontaniana napetrak'ilay mpahay lalàna tamin'ny Mpamonjy?

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 22:37–39. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hikaroka ny valintenin'ny Mpamonjy.

- Inona no nambaran'ny Mpamonjy fa didy roa lehibe? (Tokony hahita ity fotopampianarana manaraka ity ny mpianatra: **Ny didy roa lehibe dia ny mitia an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra ary ny mitia ny namanao tahaka ny tenanao.**)

Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 izay mitondra ny lohateny hoe, "Ireo Didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ny fifandraisana misy eo amin'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa.

- Inona no fifandraisana misy eo amin'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa?
- Nahoana araka ny eritreritrao no ireo no didy roa lehibe?

Amporisiho ireo mpianatra hisaintsaina ny zavatra ataon'izy ireo mba hanehoany ny fitiavany an' Andriamanitra sy ireo manodidina azy ireo.

## Fizarana 3 (5 minitra)

Angataho ny mpianatra mba hitadidy ny zavatra nampianaran'i Jesoa Kristy fa didy lehibe ary mba hitady ilay andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay mampianatra io fahamarinana io.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra tsara ny Matio 22:36–39 ary ilay fotopampianarana fa ny didy roa lehibe dia ny mitia an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra ary ny mitia ny namanao tahaka ny tenanao, dia asao ny mpianatra anankiray mba hamaky mafy ny Matio 22:40. Angataho mba hanaraka ny vakiteny ny mpianatra ka hitady ny zavatra nolazain'i Jesoa Kristy mikasika ireo didy roa lehibe ireo.

- Inona no nolazain'i Jesoa mikasika ireo didy ireo? (Ireo didy rehetra ampianarina ao anatin'ny lalàna sy ireo mpaminany—fizarana roa lehibe ao anatin'ny soratra masina tamin'izany fotoana izany—dia miankina na mifototra amin'ireo didy roa lehibe ireo.)

Azonao atao ny mampiseho ity teny nambaran'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany manaraka ity na mizara ny tahadikan'izany. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ilay teny nambara. Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady hoe ahoana no iankinan'ireo didy hafa amin'ireo didy roa lehibe.



"Tena mazava ny tenin'ny Mpamonjy rehefa nilaza izy fa miankina amin'ny fitsipiky ny fitiavana ireo didy hafa rehetra. Rehefa omentsika lanja ireo didy lehibe—rehefa mitia marina ny Raintsika any an-danitra sy ny namantsika amin'ny fontsika rehetra sy ny fanahintsika rehetra ary ny saintsika rehetra isika—dia hiseho araka ny tokony ho izy ny zavatra hafa rehetra" ("Ny fitiavan' Andriamanitra," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 24).

- Miankina amin'ireo didy roa lehibe amin'ny fomba ahoana ireo didy hafa rehetra?

Rehefa nanana fotoana ampy ny mpianatra mba hamaliana dia asao izy ireo mba hamaky ireo andiam-pehezanteny telo farany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 izay mitondra ny lohateny hoe: "Ireo Didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Amporisiho izy ireo mba hanisy marika ny sasany amin'ireo didy hafa izay voatanisa ao ary handinika hoe nahoana ny fitandremantsika azy ireo no mampiseho ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny hafa.

## Fizarana 4 (5 minitra)

Toroy hevitra ny mpianatra mba hanoratra ny soratra masina mifandray Matio 5:14–16 eny amin'ny sisin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Matio 22:36–39. Hazavao fa tao anatin'ny Toriteny teo An-tendrombohitra no nampianaran'ny Mpamonjy ny fomba ahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny hafa. Dia asaivo mamaky ny Matio 5:14–16 izy ireo ary asao mba hanisy marika izany ho toy ny andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana. Hazavao fa ao anatin'ireo andininy ireo dia nanome didy iray an'ireo mpianany ny Mpamonjy izay iray amin'ireo fomba manan-danja indrindra ahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika an'ireo manodidina antsika sy an' Andriamanitra.

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Matio 5:14–16 ka hitady ny zavatra nampianaran'ny Mpamonjy ny mpianany.

- Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe "aoka hazava eo imason'ny olona ny fahazavanareo" (Matio 5:16)?
- Manampy antsika hahatakatra fomba iray ahafahantsika mizara ny filazantsara miaraka amin'ireo olona manodidina antsika amin'ny fomba ahoana ity andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ity? (Rehefa mitandrina ny didy isika ary maneho ohatra tsara dia hahita ireo safidy ataontsika sy ireo fitahiana vokatr'izany ny olona manodidina antsika ka mety hisokatra bebe kokoa handray ny filazantsara.)

Asao ny mpianatra hanoratra fitsipika izay **azontsika ampianarina ny hafa amin'ny alalan'ny ohatra tsara** eo akaikin'ny Matio 5:14–16.

Anontanio ny mpianatra raha toa izy ireo ka efa nahazo fampianarana sy tanjaka avy amin'ny ohatra nasehon'ny namana iray na olona iray ao amin'ny fianakaviana izay nisafidy ny hitandrina ny didy. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra niainany raha toa ka tsy mampaninona azy ny manao izany.

Asao ny mpianatra mba hanoratra ny soratra masina mifandray Jaona 14:15 eny amin'ny sisin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Matio 5:14–16. Raha manam-potoana ianao mandritra ny fotoam-pianarana dia ampio ny mpianatra hitady ireo andininy nosoratany eny amin'ny sisin'ny pejy ka raisina ho tafiditra ao anatin'ny asa atao hifehezana fotopampianarana izany. Dia omeo fotoana izy ireo hitadidiana ireo andinin-tsoratra masina ireo.

Farano izany amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ireo fitsipika noresahina ao anatin'ny lohahevitra ara-potopampianarana mitondra ny lohateny hoe "Ireo Didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

## Fampiharana (20 minitra)

Ity asa atao manaraka ity dia afaka manampy ny mpianatra hanao asa mifanaraka amin'ireo fitsipika telo izay nianarany tao amin'ny "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Mba hampahatsiahivana ny mpianatra ireo fitsipika ireo dia mety hanampy ny fanoratana azy ireo eny amin'ny solaitrabe:

- *Manao asa amim-pinoana.*
- *Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.*
- *Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.*

Asao ny mpianatra mba hiverina handinika ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 mitondra ny lohateny hoe: "Ireo Didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ary anontanio azy ireo avy eo izay didy mety hanahirana ny zatovo ny mankatò azy raha toa ka tsy manana fahatakarana mazava ny tanjon'izany izy ireo. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo.

Asao ireo mpianatra hiasa tsiroaroa ary hisafidy iray amin'ireo didy telo nosoratana eny amin'ny solaitrabe. Omeo ny tahadikan'ity taratasy zaraina manaraka ity ny vondrona tsirairay, dia asao izy ireo hamaky izany sy hifanakalo hevitra mikasika ny valintenin'izy ireo amin'ireo fanontaniana.

*Manao asa amim-pinoana:*

- Inona no azonao atao mba hamporisihanao olona iray hanao asa amim-pinoana raha sahirana amin'ny fahatakarana ny antony hanomezan' Andriamanitra io didy iray manokana io izy?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

Avereno dinihina ny fotopampianarana nampianarina ao amin'ny Jaona 14:15; Matio 5:14–16; ary Matio 22:36–39.

- Afaka manampy olona iray hahatakatra tsara kokoa ilay didy nofidianao, amin'ny fomba ahoana, ilay fotopampianarana nampianarina ao anatin'ireo andinin-tsoratra masina ireo?

- Inona avy ireo fahamarinana hafa izay ahafahana manana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay an'ilay didy nofidianao fa tsy fomba fijery arak'izao tontolo izao?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Inona ireo zavatra nampianarin'ireo mpaminanin'ny Tompo vao haingana ka afaka manampy olona iray hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana ny didy nofidianao? (Azonao atao ny mampiasa ireo teny nambaran'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay hita ao amin'ny LDS.org na ao amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana.)

Rehefa nomena fotoana ampy nifanakalozana hevitra mikasika ireo fanontaniana ireo ny mpianatra dia asao izy ireo mba handray anjara ao anatin'ny filalaovana tantara an-tsehatra iray. Angataho ny iray amin'ireo mpianatra roa miara-miasa mba hilalao ny anjaran'ilay olona manana fahasahiranana eo amin'ny fahatakarana ny antony hitakian'ny Tompo ny zanany mba hiaina ilay didy izay nosafadin'ilay mpianatra roa. Angataho ilay mpianatra iray hafa mba hanampy ilay olona manana fahasahiranana mba hanao asa amim-pinoana, hamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary hikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. Omeo eo amin'ny 10 minitra eo ny mpianatra mba hilalao an-tsehatra ilay toe-javatra.

Rehefa ampy ny fotoana nanaovan'ny mpianatra ilay filalaovana an-tsehatra dia asaivo ifanakalozan'ny iray kilasy hevitra ny sasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo fomba azontsika safidina mba hanaovana asa amim-pinoana rehefa tsy takatsika ireo didy sasany na hitantsika fa sarotra ny mitandrina izany?
- Ahoana no fomba nanampianao ilay namanao mba hamakafaka miaraka amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ilay fanontaniany na ilay olany manokana mikasika ny didy iray?
- Inona avy ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra nampiasainao mba hamaliana ny fanontanian'ilay namanao manana fahasahiranana eo amin'ny fikatsahana fahatakarana bebe kokoa?

Farano ilay asa atao amin'ny alalan'ny fanasana ireo mpianatra hizara izay hevi-baovao voarain'izy ireo rehefa nandray anjara tao anatin'ity asa atao ity izy ireo.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Asao ireo mpianatra hijery ao amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia hifidy anankiray izay ahitana fotopampianarana na fitsipika iray azon'izy ireo ijoroana ho vavolombelona. Asao izy ireo hijoro ho vavolombelona momba io fotopampianarana na fitsipika izay nosafidian'izy ireo io ka hizara zavatra niainana izay nanampy azy ireo hahazo fijoroana ho vavolombelona mikasika izany. Rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany ireo mpianatra, dia ny Fanahy Masina no hanamafy ny

fahamarinan'ny fotopampianarana na ny fitsipika izay nijoroan'izy ireo ho vavolombelona. Mety handrisika ny hafa hiasa amim-pinoana ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona nataon'izy ireo.

SEMINARIES AND
INSTITUTES OF RELIGION

THE CHURCH OF
JESUS CHRIST
OF LATTER-DAY SAINTS

MALAGASY
4 02132 31654 5
13231 654